

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

Dr. Yeury Ferreira

19-26 MARSÀ 2022



NY FAHAMARINANA ANKEHITRINY:
**HAFATR'ANDRIAMANITRA
HO AN'IZAO ANDRO IZAO**

Mpamoaka:
Andrés J. Peralta

Mpandrindra ny tetikasa:
Kenia Reyes

Mpandika Teny:
Elittranslation

FIZAHAN-TAKILA

Momba ny mpanoratra	2
Fiarahabana	3
Vakio aloha ity	4
Ahoana ny fampiasana ity boky ity miaraka amin'ny vondrona madinika na lehibe?	5

TORITENY:

- 1. Sabata:** Ny Fahamarinana Iray Manontolo ao anaty Boky Iray 7
- 2. Alahady:** Ny Tena "Superhéros" 13
- 3. Alatsinainy:** Ilay Tena Adin-Kintana Marina 19
- 4. Talata:** "La Belle et la Bête": Ny Tena Tantara Marina 25
- 5. Alarobia:** Fivavahana Marina sy Diso 31
- 6. Alakamisy:** Ny tombokasen'Andriamanitra marina 37
- 7. Zoma:** Ny Tena Fanafihan'ireo Alien (mponina avy any amin'ny planeta hafa) 43
- 8. Sabata:** Ny tena filazantsara marina 49



Natontan'ny Trano Pirinty Advantista
Soamanandrariny,
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-pirenena faha-2 mankany Toamasina, PK 6
Tél: 033 37 107 17; 033 37 110 39
Email: impriad@mea.adventist.mg
Voatolotra ara-dalàna: Lah. 504-D/12.21
Ny natonta: 950 isa



MOMBA NY MPANORATRA:

Dr. Yeury Ferreira

Pasitora voahosotra ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrana ny andro Fahafito i Yeury Ferreira. Manana ny diplaoma Maitrise en Leadership et Théologie ary Doctorat avy tao amin'ny Andrews University izy. Niasa tamin'ny maha-mpitandrana, mpitory ny filazantsara izy, ary ankehitriny dia manompo amin'ny maha-talen'ny Asa Fanompoana ho an'ireo miteny Espanôla ao amin'ny Federasionan'i Greater New York, sy mpampianatra ao amin'ny Andrews University. Mpanoratra boky maro izy ary anisan'izany ny Bokin'ny Taona 2021 ho an'ny Diviziona Amerika avaratra, *Living Without Fear* (Miaina tsy amin-tahotra); ny boky *Preaching the Word* (Mitory ny Teny), tari-dalana ho amin'ny fanomanana toriteny sy ny fitorian-teny, ary ny Mpitory teny sy ny Fitorian-teny". Manambady amimpahasambarana an'i Mariel Ferreira izy ary manan-janaka roa: Ernesto sy Elizabeth Ferreira.

FIARAHABANA!

Hampirisihana anao hahafantatra ny Raintsika any an-danitra lalindalina kokoa sy hiaina fiainana izay manome voninahitra an'Andriamanitra no tanjon'ny Herinandro Fiaraha-mivavaka omaninay aty amin'ny foibe maneran-tany. Nomena ny lohateny hoe “Mitia ireo nohadinoina” ny Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora ary mifantoka amin'ny fanehoana fitiavana sy fahatsiarovana ireo izay tsy hitantsika nandritra ny fotoana ela. I Jesôsy no ohatra amin'ny fitiavana ireo olona rehetra manodidina Azy, eny fa na dia ireo nohadinoin'ny fiarahamonina aza; mety ho nanao tsinontsinona azy ireny koa ny fiangonana. Tena mientanentana mandrakariva izahay mahita ireo tetikasa mahatalanjona ataonareo mandritra ny Andro Maneran-tany ho an'ny tanora ary mivavaka mandrakariva izahay mba hitohy hatrany mihoatra noho io hetsika maneran-tany io ny fitiavanareo manompo.

Amin'ity herinandro fiaraha-mivavaka ity dia navelanay ny Fanahy Masina hitarika anay hitondra hafatra ho anao izay hanampy anao hahatakatra ny lohahevitra tena manan-danja sy iankinan'ny aina amin'izao fotoana misy antsika izao: Ireo hafatry ny anjely telo. Fantatray fa mety hanahirana sy sarotra izany lohahevitra izany saingy araka izay ho hitanao amin'ny alalan'ireo toriteny fa ny fahatakarana ireo hafatra navela ho antsika ao amin'ny Apôkalipsy no hamela ny fitiavanao an'Andriamanitra hitombo sy hanampy anao hahatakatra ny zava-kendrenao mazava kokoa. Iza no tsy tia lalana mazava? Fantatro fa tia izany tokoa isika rehetra; asehon'Andriamanitra amintsika avokoa ny zavatra rehetra ao amin'ny Teniny ary izany no hatsaran'ny Baiboly.

Koa iangaviana ianao hamaky amim-pitandremana sy amimbavaka ireo toriteny ireo ary hihazona mandrakariva ao an-tsaina fa ny zava-dehibe kendrentsika dia ny hitia sy hanome voninahitra ny Raintsika ary hizara hoe iza moa Izy amin'ireo manodidina antsika, ary ny hitia ny olona rehetra, indrindra ireo mety ho nohadinoina.



VAKIO ALOHA ITY

Fanomanana ny herinandro fiaraha-mivavaka

1. **Atombohy dieny izao ny fanomananao.**

Atombohy ny fanomananao, apetraho ny tanjona, atsangano ny ekipanao, ary ataovy azo antoka fa ny pasitora dia ao anatin'io ekipa io.

2. **Vaovao momba ny Andro maneran-tany ho an'ny Tanora.**

Alaivo ara-potoana ireo vaovao momba ny tetikasa ho an'ny andro maneran-tany ho an'ny tanora. Io andro io koa no hanokafana ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora. Tsidihy ny rohintsika youth.adventist.org, na mifandraisana amin'ny talen'ny departemantan'ny tanora eo amin'ny saha misy anao mba ahafahanao mahita ny fomba ahazoanao mandray anjara.

3. **Entano ireo miaramilam-bavaka.**

Manàna vondron'olon-dehibe vonona ny hivavaka ho anao sy ny asa fanompoanao amin'ny fomba mitohy. Ataovy azo antoka fa azonao izarana am-pitokiana ny zavatra ilan'ny tenanao manokana ny fitondrana am-bavaka sy ny asa fanompoanao izany vondrona izany.


4. **Mifidiana hira faneva.** Ampandraiso anjara ny antoko mpihiran'ny tanora ao amin'ny fiangonanao. Raha tsy manana izany ny fiangonanao, dia fotoana io mba hanombohana manangana tarika iray. Ny hira fanevan'ny tanora «Handeha aho» no horedonintsika. Azonao alaina mivantana aty amin'ny foibe na pejy facebook Jeunesse Adventiste de L'Océan Indien izany.

5. **Manofàna ekipa mpandrindra/mpanao tombana ny herinandro fiaraha-mivavaka.** Miankina amin'ny hangezany

fiangonanao, io vondrona io dia tokony ahitana olona efatra ka hatramin'ny valo, mba hamita ireo lohahevitra valo miaraka aminao. Ampidiro ao anatin'io vondrona io ireo tanora vonona sy feno fanoloran-tena ary ireo mpitarika koa (Mpisavalalana, Sekoly sabata (...) sns, ny pasitoranareo). Zava-dehibe izany satria manampy ny rehetra handray an-tanana ilay hetsika, fa tsy inao sy ny mpanampy anao ihany. Angataho izany vondrona izany mba hivory mandritra ny telo herinandro – herinandro ho an'ny lesona efatra, ary ny herinandro fahatelo mba hipasohana ny zavatra rehetra. Ataovy azo antoka fa voafaritra mazava avokoa ny tanjona sy ny lalana tianao haleha sy hotratrarina. Raha azo atao dia amin'ny fivoriana voalohany no hanaovana izany, ary mifidiana tanora mba handaha-teny isan'andro.

6. **Ampidiro ao anatin'ny fandaminana ny herinandro fiaraha-mivavakao ny andron'ny tanora maneran-tany (Global Youth Day – GYD).** Raha ny tokony ho izy, fotoana tokony hampianarana ny tanora mba hanolotra ny tenany hamaly ny filàna misy ao am-piangonana sy eny amin'ny fiarahamonina ny Andron'ny Tanora Maneran-tany. Raha toa ka mbola vitsy ny tanora ao aminao ka tsy manana ny enti-manana hanatrarana ny fiarahamonina iray manontolo, dia azonao atao ny mampiasa io fotoana io mba handravana ny rindrina ara-pivavahana misy eo amin'ny manodidina amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa sy ny fifampizaran-kevitra sy ny sisa amin'ireo vondron'ny tanora avy amin'ny fiangonana hafa eo amin'ny faritra misy anao.

SAHAN'NY MPANOMPO VONONA MANTASOA MIANDRY ANAO



AHOANA NY FAMPIASANA ITY BOKY ITY MIARAKA AMIN'NY VONDRONA MADINIKA NA LEHIBE?

1. Toerana malalaka. Namboarina manokana mba ahafahanao manampy izay ao an-tsainao ity boky ity. Ampiasao ireo toerana malalaka mba handraisanao ireo fihetseham-ponao momba ny zavatra henonao tao amin'ny toriteny sy ireo fanontaniana any amin'ny farany isan'andro. Azonao ampiasaina koa izany mba hanoratanao antom-bavaka na fiderana an'Andriamanitra. Ampirisiho ny mpandray anjara rehetra mba hampiasa io toerana io amin'ny fomba izay hitiavany azy. Natokana ho azy ireo izany! Ampahafantaro azy ireo fa tsy misy lalàna mifehy izany, fa tari-dalana fotsiny. Ny zava-dehibe dia ny fihainoana an'Andriamanitra ary manokatra ny fo mba hamaly ny fitarihany. Ry Mpitarika, raha mandany fotoana ianao hamakiana ny anjara isan'andro amimbavaka miaraka amin'ny fanantenana fa hilaza zava-baovao aminao Andriamanitra, dia ho gaga ianao ny amin'izay hiseho avy eo amin'ny peninao ny amin'izay ho voasoratra eo amin'io toerana malalaka io.

2. Manomboha diarim-bavaka. Tsy misy zavatra lehibe indrindra ho an'ny fitomboanao ara-panahy mihoatra ny fandaniana fotoana ho an'ny vavaka. Hitombo koa ireo tanoranao rehefa mitombo ianao. Hanampy anao hihaona amin'Andriamanitra amin'ny fomba vaovao sy mampihetsi-po ny fanananao diarim-bavaka. Afaka ny "hanaraka" ny dianao niaraka tamin'Andriamanitra ianao rehefa mamerina mijery ireo vavaka nahazoanao valiny sy ny fomba nitarihany anao tsikelikely isan'andro. Hisy hevitra vaovao indray ho tonga ao an-tsainao rehefa mandany fotoana eo amin'ny fanatrehany hameno ny diarim-bavakao ianao. Betsaka ny hevitra mety ho azonao jerena

amin'ny "internet" mba hanombohanao sy hanohizanao ny diarim-bavakao. Tsidihy fotsiny ny www.google.com dia soraty ny teny hoe "starting a prayer journal". (fanombohanao diarim-bavaka)

3. Fanontaniana sy asa atao isan'andro. Miaraka amin'ny toriteny tsirairay dia misy fanontaniana, fanambarana, ary asa izay natokana mba hisarihana ny fisainanao. Manomàna tarika madinika ary miadia hevitra momba ireo fanontaniana ary ataovy ireo asa. Makà fotoana handinihana tsara momba ny zavatra izay tian'ny fanontaniana sy ny asa ahatongavana. Mihainoa ny Fanahy Masina rehefa mampianatra anao amin'ny alalan'ny Soratra Masina Izy. Ampirisiho ireo mpanatrika mba hitahiry an-tsoratra ao amin'ny diariny izay zavatra ao an-tsainy.

4. Ny andro maneran-tany ho an'ny tanora no natokana mba hanokafana amin'ny fomba ôfisialy ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora. Ny lohahevitra ho an'ny taona 2022 dia ny hoe "Mitia ireo nohadinoina". Mialoha ny zavatra rehetra, mifandraisa amin'ny pasitoranao na ny talen'ny departemantan'ny tanora eo amin'ny saha misy anao mba ahafahanareo mijery miaraka ny tetikasa azon'ny fiangonanao andraisana anjara amin'io andro io, dia ny 19 Martsa. Raha Mikasa ny hanao hetsika mandritra ny tontolo andro ianao, ny Adventist Development and Relief Agency (ADRA) dia manana tetikasa mahaliana tokoa, In their Shoes (ao amin'ny kirarony) izay azo tanterahina tokoa mandritra ny fotoan'ny tanora ny tolakandro.

Ny raki-tsoratra fampianarana PDF dia azontsika alaina ao amin'ny: <https://youth.adventist.org/GYD/ItemId/745#bottom>

Sabata

TORITENY 1

Ny Fahamarinana Iray Manontolo ao anaty Boky Iray

(2 Tim. 3:16-17)

FAMPIDIRANA

Anisan'ireo tantara mitohy amin'ny fahitalavitra be mpijery indrindra nandritra ny taona 2021 ny *"Lupin"*. Milaza ny tantaran'i Assane Diop izany, izay zanaka mpifindra monina avy any Senegaly tonga tany Frantsa mba hitady fiainana tsara kokoa, kanefa i Babakar rainy dia voaendrikendriky ny mpampiasa azy, Hubert Pellegrini izay olona manankarena sy fahefana, hoe nangalatra rojo diamondra lafo vidy. Nosamborin'ny pôlisy ny rain'i Assane Diop ka nampidirina amponja, ary noho izany fahafaham-baraka izany, dia nanapa-kevitra ny hamono tena tao amin'ny fonja nisy azy izy, ka nanjary kamboty i Assane izay mbola tanora. Dimy amby roapolo taona taty aoriana, rehefa nahazo aingam-panahy avy tamin'ny boky *"Arsène Lupin"* izay nomen'ny rainy azy tamin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahany – miresaka momba ny fiainan'ny mpangalatra malaza iray – dia nanapa-kevitra i Assane fa hamaly faty ny fianakavian'i Pellegrini, amin'ny fampiasana ny fahavitrihany (*charisme*) sy izay rehetra nianarany



tamin'ilay boky.

Manao zavatra izay toa tsy hay atao i Assane Diop, saingy noho ireo fifandraisana tsara ananany, sy ny teknôlôjia manara-penitra ary ny fandrika manjavozavo, dia saika afaka madiodio amin'izany hatrany izy; na sendra diso aza izy, dia mahita fomba mandrakariva mba hialana amin'ny toe-javatra sarotra. Saingy tsy misy na iray aza amin'ireo tetika ireo no avy aminy tanteraka, satria nianarany avy tao amin'ny bokin'ny tantaran'i *Arsène Lupin* avokoa izy rehetra. Raha fintinina: *"Lupin"* dia tantaran'ny tovolahy iray izay nisy fiantraikany lehibe tamin'ny fiainany ny famakiana boky iray! Ary lazaiko aminareo fa tsy tranga manokana izany, misy ireo boky izay tena manana izany hery izany!

Ry zatovolahy sy zatovovavy malala, amin'ity hafatra voalohany ity dia tiako ny hampiseho anao boky iray izay manana hery hanova ny fiainanao. Fantatrao ve hoe boky inona no resahiko? Ny Baiboly: ilay boky

manan-danja indrindra teo amin'ny tantara. Ilay boky ambony noho ny boky hafa rehetra ary mirakitra ny fahamarinana iray manontolo.

Ao amin'ity andiana hafatra ity isika dia hianatra momba ny fahamarinana ankehitriny, na ny marina kokoa, ny fahamarinana amin'izao fotoana iainantsika izao. Heveriko anefa fa zava-dehibe, voalohany indrindra, ny fametrahana ny fototra izay ho sehatra ho an'ny hafatra tsirairay izay hatolotray mandritra ity herinandro ity. Noho izany, tsy maintsy mamaly fanontaniana lehibe roa mifandray amin'ny Baiboly isika:

Voalohany, inona no porofo ananantsika ahafahantsika mino fa tsy manam-paharoa ny Baiboly amin'ny maha-Tenin'Andriamanitra ara-tsindrimandry azy?

Faharoa: Amin'ny maha-tanora antsika, inona no tombontsoa azontsika avy amin'ny famakiana sy fianarana ny Baiboly?

FAMELABELARANA

I. Andeha hatombotsika amin'ny famaliana ilay fanontaniana voalohany: *Inona no porofo ananantsika ahafahantsika mino fa tsy manam-paharoa ny Baiboly amin'ny maha-Tenin'Andriamanitra avy amin'ny tsindrimandry azy?* Misy porofo efatra, farafahakeliny, izay manambara mazava fa Tenin'Andriamanitra ny Baiboly.

POROFO #1: FIRAISANA MAHATALANJONA

Ny Baiboly dia fitambarana boky maro, nosoratan'ny mpanoratra

40 niaina tamin'ny vanim-potoana naharitra 1 500 taona teo ho eo. Avy amin'ny firenena samy hafa ireo olona ireo ary maro amin'izy ireo no tsy nifankahalala.

Mba alaivo sary an-tsaina ange izany hoe avy amin'ny karazana fiaviana maro samy hafa ireo mpanoratra ny Baiboly; ohatra, mpitarika ara-politika sy mpitsara i *Mosesy*, nianatra tany amin'ireo anjerimanontolon'i Egypta; mpanjaka i *David* sady poeta, mpitendry zavamananeno, mpiandry ondry, ary mpiady; mpiandry biby i *Amosa*; jeneralin'ny tafika i *Josoa*; mpitondra kapoakan'ny mpanjaka mpanompo sampy i *Nehemia*; praiminisitra i *Daniela*; mpanjaka sady filôzôfa i *Sôlômôna*; mpitsabo sy mpahay tantara i *Lioka*; ary i *Paoly* kosa dia raby.

Saingy tsy vitan'ny hoe avy amin'ny fiaviana sy toerana samy hafa ihany anefa ireo mpanoratra ny Baiboly, fa nanoratra tamin'ny toe-javatra samy hafa koa: tany an-tany efitra i *Mosesy* no nanoratra; i *Jeremia*, tao an-tranomaizina; i *Daniela*, tao an-dapa; i *Lioka*, teny am-pandehanana; i Jaona, nalefa sesitany tany amin'ny nosy Patmo.

Toy izany koa, nosoratana tamin'ny fomba samy hafa sy tamin'ny fiteny telo samy hafa ny Baiboly ary na dia eo aza izany zava-drehetra izany, dia mampiseho firaisana mahatalanjona izy. Hitantsika fa:

- Manana lohahevitra ny Baiboly: ny famonjena.
- Manana mahery fo ny Baiboly: Jesosy Kristy Tompo.
- Manana ratsy fanahy ny Baiboly: ny devoly.

- Manana antom-pisiana ny Baiboly: Hanambara ny fahamarinana momba ny fiainana sy ny toetran'Andriamanitra!

POROFO #2: FAHAVELOMANA MAHAGAGA

Ny Baiboly no boky nankahalaina sy nenjehina ary notafihina indrindra teo amin'ny tantara; tsy misy boky hafa nahazo fanafihana mihoatra ny Baiboly! Nanenjika azy ny amperora, ny filôzôfa, ny mpahay siansa ary na ny mpino mihitsy aza; ary araka ny hitantsika ankehitriny, na dia eo aza ny fanenjehana rehetra, dia mbola mitoetra ny Baiboly. Mamelà ahy haneho ohatra anareo:

Nilaza i Voltaire, ilay frantsay tsy mpino malaza, izay maty tamin'ny 1778, fa hanjavona ny Kristianisma sy ny Baiboliny, zato taona aorian'ny ahafatesany. Inona anefa no nitranga? 50 taona monja taorian'ny nahafatesany, dia nampiasaina mba hamokarana antontam-Baiboly maro ny tranony sy ny famoaham-bokiny tany Genève.

Mandalò sy miserana ireo fahavalon'ny Baiboly, fa mitoetra kosa ny Baiboly. Marina tokoa ny tenin'i Jesôsy rehefa nilaza izy hoe: « *Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona* » – Mar. 13:31.

POROFO #3: FAHAMARINANA ARA- TANTARA

Voalaza fa nanapa-kevitra ny hanaporofa fa antontan-taratasy tsy azo itokisana ny Baiboly, ary diso avokoa ny filazana ara-tantara

rehetra nataony i William Mitchell Ramsay (1851–1939), mpahay tantara sy arkeology anglisy, izay tsy mino an'Andriamanitra sady zanaka tsy mpino an'Andriamanitra.

Noho izany, nitodika tamin'ireo boky roa nosoratan'i Lioka izy: ny Filazantsara sy ny Asan'ny Apôstôly, satria ao amin'ireo boky ao amin'ny Baiboly ireo no ahitana toerana sy anarana ary daty manokana maro voatonona, izay azo porofoina mora foana hoe marina sa diso amin'ny alalan'ny loharano ara-tantara tsy arapivavahana.

Nitety ireo tany ara-Baiboly manokana i Ramsay mba hanatrarana ny tanjony ary nanokana ny tenany tamin'ny fikarohana nandritra ny dimy amby roapolo taona. Nahagaga azy ny nahita – tamin'ny alalan'ny fikarohana arkeolojika—fa toerana tena misy avokoa ny firenena 32, tanàna 54 ary nosy 9 noresahin'i Lioka ao amin'ny bokiny faharoa.

Tsy nahavita nanaporofa i Ramsay fa diso ny Baiboly, saingy nahita porofa azo atokisana am-polony izy nanamafy ny fahamarinany ara-tantara. Gaga izao tontolo izao rehefa niova ho Kristianina i William Ramsay, ary nanjary mpiaro ny fahamarinana ara-Baiboly.

Ry tanora, tsy tantara foronina ny Baiboly fa tena zava-misy ara-tantara!

POROFO #4: NY FAHATANTERAHAN'IREO FAMINANIANA

Mbola porofa fanampiny manamarina fa Tenin'Andriamanitra avy amin'ny tsindrimandry ny Baiboly ny fahitana ny fahatanterahan'ireo

faminaniany. Ny Baiboly no hany boky ara-pivavahana mirakitra faminiana izay tanteraka amin'ny tsipiriany teo amin'ny tantara; ny Testamenta Taloha fotsiny dia mirakitra faminiana 2000 mahery izay efa tanteraka.

Afaka manome ohatra maro momba ny faminiana tanteraka aho, fa ireo izay mifandray amin'i Jesôsy Kristy Tompontsika ihany no hasehoko anareo. Milaza ny manam-pahaizana fa nanatanteraka faminiana 300 mahery ao amin'ny Testamenta Taloha i Jesôsy. Anisan'ireo faminiana momba an'i Jesôsy Kristy:

- Ny taona nanompoany sy ny nahafatesany (Dan. 9:25-27).
- Ny toerana nahaterahany (Mika 5:2).
- Ny fahaterahany mahagaga (Isa. 7:14).
- Ny kintana izay nanambara ny fisehoany (Nom. 24:17).
- Ny famadihana izay nihatra taminy (Zak. 11:12).
- Ny fahafatesany sy ny fandevenana Azy (Isa. 53:9-12).
- Ny fitsanganany tamin'ny maty (Sal. 16:9-11).

Efa tanteraka avokoa ny tsirairay amin'ireo faminiana ny Baiboly ireo sy ny maro hafa koa, ary azo antoka fa ho tanteraka ihany koa ireo sisa mbola tsy tanteraka. Deraina anie ny anaran'Andriamanitsika! Porofon'ny mazava ny fahatanterahan'ireo faminiana fa Tenin'Andriamanitra ara-tsindrimandry ny Baiboly.

II. Koa satria efa manana porofon'ny isika hanehoana fa Tenin'Andriamanitra avy amin'ny tsindrimandry tokoa ny Baiboly, andeha indray isika hamaly ilay fanontaniana faharoa: *Inona no tombontsoa entin'ny famakiana ny Baiboly ho antsika amin'ny maha-tanora antsika?* Betsaka ireo tombontsoa ho tonga eo amin'ny fiainanareo amin'ny alalan'ny famakiana sy ny fianarana ny Baiboly, saingy androany, miaraka amin'ity hafatra ity, dia telo amin'ireo ihany no tiako atolotra anareo:

TOMBONTSOA #1: MAMELA ANAO HAHALALA AN'ANDRIAMANITRA NY FAMAKIANA NY BAIBOLY

Tsy mitovy mihitsy ny fahalalana momba an'Andriamanitra sy ny fahalalana an'Andriamanitra. Mila manokana fotoana ho azy ianao mba hahafantaranao ny olona iray, maka tahaka ny fitondran-tenany ary miaramiaina aminy. Azo fantarina amin'ny alalan'ny Baiboly Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny famakiana ny Baiboly no ahazoanao sary an'ohatra izay maneho ny tenany, ny toetrany, ny fahamarinany, ny famindram-pony ary ny fitiavany. « *Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, izay efa nirahinao* » – Jao. 17:3.

TOMBONTSOA #2: MANOME ANAO FAHENDRENA NY FAMAKIANA NY BAIBOLY

Tsy mampahahendry anao ny fijerena vaovao maraina be dia be rehefa miomana ho any am-

piasana na any am-pianarana, na ny fijerena ireo fampandrenesana amin'ny *"application"*, na ny fijerena fandaharana ara-pahasalamana fa manome anao ny fototra tokony ho fantatrao fotsiny; kolontsaina ankapobeny fotsiny ireny. Na firy na firy ny boky novakinao momba ny siansa, ny haisoratra, ny filôzôfia, na ny lalàna; tsy hahahendry anao izany. Tsy avy amin'ny saina na fahaizan'olombelona ny fahendrena!

Asehon'ny Baiboly amintsika kosa ny fomba hahitana fahendrena sy hampiharana azy, ary hankafizana azy. Avy amin'ny fahalalana an'Andriamanitra izany, avy amin'ny fanajana Azy sy ny Teniny; vokatry ny fitadiavana ny Fanatrehan'ny izany. Mazava sy marina tsara ny Baiboly ary manome antsika fahendrena ho an'ny fiainana andavanandro. Mariho izay lazain'ireto andininy roa manaraka ireto:

- *Mahazava ny famoahana ny hevitra ny teninao Ka manome fahalalana ho an'ny kely saina.* (Sal. 119:130).
- *Fa Jehovah no manome fahendrena; Avy amin'ny vavany no ihavian'ny fahalalana sy ny fahazavan-tsaina.* (Oha. 2:6).

TOMBONTSOA #3: MITARIKA ANAO HANALAVITRA NY FAHOTANA HO AMIN'NY FIAINANA BE DIA BE NY FAMAKIANA NY BAIBOLY

Hampihena ny fahafahana mampihatra ny fahotana ao am-pontsika sy eo amin'ny fiainantsika ny famenoana ny tenantsika amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny fahatakarana

ny fiankinantsika amin'i Jesôsy Kristy. Hahatonga antsika tsy ho afa-po amin'izay fantatsika ny famakiana Baiboly ary hahatonga antsika hiroso bebe kokoa amin'ny fahafantarana ny asa fanavotana nataon'i Jesôsy sy ny fahasoavany, ka hanohitra ny karazana fakam-panahy rehetra.

Mariho izay lazain'ireto andininy manaraka ireto aminao: *Inona no hiarovan'ny zatovo ny lalan-kalehany tsy ho voaloto? Ny fitandremana araka ny teninao. Ato am-poko no iraketako ny teninao, Mba tsy hanotako aminao.* (Sal. 119:9, 11).

Nilaza i Jesôsy hoe, *"Izaho avy mba hananany [sy hanananao!] fiainana, sady hananany be dia be!"* – Jao. 10:10.

FAMARANANA

Ry tanora malala, *Tenin'Andriamanitra avy amin'ny tsindrimandry ny Baiboly* ary manana hery hanova ny fiainanao. Fotoana vitsy lasa izay, nanana fahafahana nihaino ny tantaran'i Juan Briceño aho. Nihevitra hatramin'ny fahazazany izy fa afaka miaina tsy misy an'Andriamanitra ny olombelona, ka niaina araka izay tiany i Juan noho izany eritreritra tao an-tsainy izany. Raha vao jerena dia toa mandeha tsara daholo ny zava-drehetra: niasa izy, nifalifaly ary nahafinaritra hatrany ny fiainana, saingy nahatsapa fahabangana tao anaty izy.

Niezaka nameno izany fahabangana izany izy ka nitodika tany amin'ny zava-mahadomelina. Nambaran'i Juan fa tafaroboka tanteraka tao anatin'ny tontolon'ny zava-mahadomelina izay nanandevo azy nandritra ny 14 taona izy. Ary tsy

vitan'ny hoe nihinana izany izy fa tonga hatramin'ny fizarana izany koa. Nampalahelo tokoa!

Tsy nanantena fiovana intsony ny havan'i Juan. Efa nataon'izy ireo izay rehetra azo atao mba hanampiana azy, saingy indrisy fa very maina izany.

Indray andro, nanatrika lanonana fankalazana ny tsingerintaona nahaterahan'ny namany iray i Juan ary nahita andian-dehilahy miakanjo tsara izay nanana fitondrantena sy fomba firesaka tsy nitovy tamin'ireo ankizilahy hafa mitovy taona taminy. Rehefa afaka kelikely, fantatr'i Juan fa vondrona tanora Advantista izy ireo.

Somary niezaka niafina i Juan nanatona azy ireo sady natahotra, satria noheveriny fa handà azy izy ireo; nefa nahagaga azy fa nandray azy tamim-pitiavana ireo tanora ireo. Niresaka taminy izy ireo, nivavaka, ary nanome azy Baiboly, rehefa nifarana ny fivoriana.

“Mbola tsy nitazona Baiboly mihitsy ny tanako”, hoy i Juan, “fa tamin'io andro io, rehefa nandao ny lanonana aho, dia nanomboka namaky ny Tenin'Andriamanitra. Avy eo, nanomboka tamin'io andro io, dia nanomboka niova ny fiainako.”

Efa 13 taona izay no lasa hatramin'io alina io izay nanombohan'i Juan namaky ny Baiboly. Tsy lehilahy voafatotry ny zava-mahadomelina i Juan ankehitriny, fa lehilahy afaka, izay miaina amim-pifaliana miaraka amin'ny vady aman-janany. Nanao fahagagana teo amin'ny fiainany ny Tenin'Andriamanitra ary nanova azy! Deraina anie ny anaran'ny Tompo!

Ry tanora, manasa anareo aho mba hianatra isan'andro ny Baiboly. Manokàna fotoana tsy tapaka isan'andro mba hihainoana ny feon'Andriamanitra. Manome toky anareo aho fa hiova tanteraka ny fiainanareo raha manao izany ho fahazarana ianareo. Ary aza hadinoina mihitsy fa: *“Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahaso koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra.”* - 2 Tim. 3:16-17.

FANONTANIANA HODINIHINA SY HOSAINTSAININA

1. Inona no porofo ananantsika izay manaporofa fa Tenin'Andriamanitra avy amin'ny tsindrimandry ny Baiboly?
2. Firiy ireo faminiana notanterahan'i Jesôsy Kristy Tompontsika teo amin'ny fiainany sy ny asa fanompoany?
3. Inona no hitan'i William Mitchell Ramsay momba ny fahamarinan'ny Baiboly arantantara?
4. Inona no tombontsoa raisintsika, amin'ny maha-tanora antsika, amin'ny famakiana sy fianarana ny Baiboly?
5. Inona no ampianarin'ny 2 Tim. 3:16-17 antsika?

Alahady

TORITENY 2

Ny Tena “Superhéros”

(Apôk. 1:1)

Fampidirana

Tsy haiko ny momba anareo, fa manaitra ahy mandrakariva ny tantara momba ireny “superhéros” ireny, ireo izay manana hery manokana na “superpouvoirs” ary izy ireny ihany no afaka mamonjy ny planeta ary, indraindray aza izao rehetra izao mihitsy! Misarika sy mahatalanjona ny saintsika ny “superhéros”: novakintsiaka ny tantarany, nojerentsika ny sarimihetsika misy azy, ary vidintsika ny lalao videô misy azy. Iza moa no tsy talanjona tamin’ny zavatra nataon’i Superman, Iron Man, Batman, Spiderman, Wonder Woman, Black Panther ary Captain America?

Araka ny filazan’ny DC Comics sy Marvel Universe, ireo “superhéros” ireo no miandraikitra ny fiatrehana ny herin’ny fahavalo izay mandrahona ny hamotika antsika. Tsy matahotra na inona na inona sy na iza na iza izy ireo ary afaka manao zavatra mahagaga tsy hay eritreretina izy ireo miaraka amin’ny hery lehibe na “superpouvoirs” ananany. Tena



mahatalanjona tokoa ny tantaran’izy ireo ka tamin’ny 2014 ny gazetiboky DC Comics, izay nahitana voalohany an’i Superman, dia namidy tamin’ny alalan’ny eBay ary tsy latsaky ny \$3,207,852 ny vidiny!

Na dia manintona ny saintsika aza ireny “superhéros” ireny, dia fantatsika fa vokatry ny fisainan’ny mpamorona azy izy ireny. Tsy tena misy izy ireny! Ao anaty eritreritsika sy eo amin’ny efijery ihany no misy azy ireny!

Kanefa, misy tena “superhéros” iray, izay tsy vokatry ny eritreritra fotsiny. Manana hery lehibe sy manokana ity “superhéros” ity: izy ireny no afaka mitondra fiadanana ho an’ny fo mikorontana, fampiononana ho an’ny fanahy ory, fanantenana ho an’ireo efa leo tomany ary famonjena ho an’ny very. Te hahafantatra ny anaran’io “superhéros” tena mahery io ve ianao? *Jesosy no anarany: ilay tena “superhéros” amin’ny tantara.*

FAMELABELARANA

I. Ho tsapanao eo am-pamakianao ny Baiboly fa natao hanehoana amintsika ny tenany sy ny toetra ary ny herin'i Jesôsy Kristy ny tantara tsirairay ary koa ny fampianarany tsirairay ao aminy. I Jesôsy no “superhéro” ao amin'ny Baiboly!

Amin'ireo boky rehetra ao amin'ny Baiboly, ny boky farany no miresaka betsaka indrindra momba io “superhéro” antsika io: ny Apokalypsy. Manodidina ny taona 96 TrK no nanoratan'i Jaona ny bokin'ny Apokalypsy. Fantatrao ve hoe iza i Jaona? Tadidinao ve?

Iray tamin'ireo mpianatra roa ambin'ny folo lahy izay nantsoin'i Jesôsy fony izy mbola tanora i Jaona (Matio 4:21) ary tsy nieritreritra indroa izy fa namaly avy hatrany ny fanasany. Niova ny fiainany vokat'izany.

Nantsoina hoe “zana-baratra” izy talohan'ny niantsoana azy (Mar. 3:17). Taorian'ny fihaonany tamin'i Jesôsy dia lasa nantsoina hoe “mpianatra malala” izy (Jao. 21:20-24). Tena fiovana mahagaga sy mahatalanjona tokoa izany! Fantatrao ve fa te hanao toy izany aminao koa i Jesôsy? Hiova tanteraka ny fiainanao raha manaiky Azy ho Mpamonjy anao ianao androany!

Boky dimy ao amin'ny Testamenta Vaovao no nosoratan'i Jaona, ilay «mpianatra malala»: Ny Filazantsaran'i Jaona, ny Epistily 1, 2, 3, ary ny Apokalypsy. Fa fantatrao ve? Maro ireo tanora izay tia mamaky ny

Filazantsaran'i Jaona ihany fa tsy ny Apokalypsy!

Efa nandre tanora sasany aho nilaza hoe: “Boky sarotra takarina ny Apokalypsy. Feno sary tandindona, isa mifono mistery, kaody miafina ary fanalahidy miafina.” Nisy koa ireo niaiky tamiko fa tsy tia ny Apokalypsy satria toy ny sarimihetsika mampihoron-koditra izany, izay miresaka momba ny bibidia, dragona, fahafatesana, areti-mandringana, aretina, fanaintainana ary fandranganana.

Saingy marina tokoa ve izany? Bokin'ny fampihorohoroana sy mistery miafina ve ny Apokalypsy? Tsy bokin'ny fampihorohoroana ny Apokalypsy; mifanohitra amin'izany aza: sarin'i Jesôsy Kristy feno sady miloko tsara ny Apokalypsy, manasongadina ny fandrezen'ny fitiavan'Andriamanitra! Mba hahitanao fa marina izay lazaiko aminao, mamelà ahy hamaky ny andininy vitsivitsy voalohany amin'ity boky mahafinaritra ity:

«Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy, izay nomen'Andriamanitra Azy, mba hasehony amin'ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana; ary naniraka ny anjelyny izy hanambara amin'i Jaona mpanompony, izay nanambara ny tenin'Andriamanitra sy ny filazana an'i Jesosy Kristy, dia ny zavatra rehetra izay efa hitany. Sambatra izay manaiky sy ny mihaino ny tenin'ity faminiana ity ka mitandrana izay voasoratra ato anatin'ny; fa antomotra ny andro.»
-Apôk. 1:1-3.

Voamarikao tsara ve? Ny bokin'ny Apokalypsy no *fanambaran'i Jesosy Kristy*. Ny teny anglisy hoe "revelation" no fandikana ny teny grika hoe "apokalypsis" ary midika ara-bakiteny hoe *manala sarona* na hoe sambany vao mahita. Efa nahita asa kanto nalana sarona ve ianao? Fotoana manan-danja izany ahafahan'ny olona iray misintona ny tady ary, maneho ilay asa kanto ho hita ampahibemaso voalohany indrindra araka izay nirin'ny mpanakanto. Izany indrindra no dikan'ny teny hoe Apokalypsy! Fanalana ny sarona na voaly mba hisehoan'ny endrik'i Jesôsy Kristy amin'ny famirapiratany sy ny voninahiny rehetra!

Izany no mahatonga an'i Jesôsy Kristy ho mpandray anjara fototra ao amin'ireo toko 22 tsirairay ao amin'ny Apokalypsy, izay miseho amin'ny anaranasamy hafasy manao anjara asa maro samihafa. Voatonona amin'ny anarana sy anaram-boninahitra mihoatra ny 38 io "superhéros" antsika io; ao amin'ireo toko telo voalohany fotsiny, dia efa in-137 no voatonona amin'ny fomba maro samihafa Izy, ary misy 250 eo ho eo ny filazana momba io olona manan-danja io manerana ny boky.

Hitantsika fa io "superhéros" antsika io no:

- Voalohany sy Farany (Apôk. 1:17).
- Zanak'Andriamanitra (Apôk. 2:18).
- Masina sy Marina (Apôk. 3:7).

- Liona avy amin'ny firenen'i Joda (Apôk. 5:5).
- Tenin'Andriamanitra (Apôk. 19:13).
- Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny Tompo (Apôk. 19:16).
- Alfa sy Omega (Apôk. 22:13).

II. Inona avy ireo hery manokana na "superpouvoir" izay asongadin'ny Apokalypsy momba an'i Jesôsy Kristy? Misy maro izy ireo, fa mamelà ahy hampahafantatra anareo ny telo amin'izy ireo ihany. Andeha isika hanomboka amin'ny firesahana momba ny *maha-Andriamanitra Mpahary an'ilay "superhéros" antsika*. Lazaina amintsika ao amin'ny Apôk. 3:14 fa i Jesôsy no "Amena, dia llay Vavolombelona mahatoky sy marina, Izy niandohan'izao zavatra noharian'Andriamanitra izao."

I Jesôsy no *fiandohan'* izay rehetra nohariana. Midika ve izany fa zavaboary Izy? Sanatria! Avy amin'ny teny grika hoe *archê*, izay midika hoe mpamorona na mpanapaka, ny teny hoe "fiandohana" ampiasaina amin'io andininy io. Ilay "superhéros" antsika no mpahary, mpamorona ary mpanapaka ambony indrindra amin'ny zavaboary! Andeha hojerentsika izay nosoratan'i Jaona momba ny maha-Andriamanitra an'i Jesôsy:

«*Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny*

voalohany. Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza» Jao. 1:1-3.

Koa satria fantatsika fa ilay “superhéros” antsika no mpamorona, dia *andao hiresaka momba ireo toetra sasany ananany*. Fantatrao ve fa amin’ireo anarana sy anaram-boninahitra rehetra noraisin’i Jesôsy tao amin’ny bokin’ny Apokalypsy dia misy iray izay tena tiany indrindra?

Mahagaga fa ny anarana hoe *Zanak’ondry* izany. Mampiasa io anarana io in-28 ny Apokalypsy mba hilazana an’i Jesôsy! Somary hafahafa amintsika hoe io no anarana ampiasain’ny Apokalypsy indrindra hilazana amintsika momba an’i Jesôsy, satria mampahatsiahy antsika fahalemena sy zavatra marefo ny sarin’ny zanak’ondry.

Mbola tsy naheno mihitsy aho hoe misy ekipa baskety na baseball na baolina kitra mampiasa zanak’ondry ho marika famantarana azy! Fantatsika ny momba ny *Bulls* na ny *Timberwolves*, saingy tsy mbola nandre mihitsy aho momba ny ekipa antsoina hoe «The Lambs of New York» (Zanak’ondrin’ny New York)! Mety ho azontsika sary an-tsaina ve ny ho tsapan’ny mpankafy? Tsy misy olona ho mpankafy ekipa manana izany anarana izany!

Zava-dehibe anefa ny fahafantarantsika fa tsy mitovy amin’ny fomba fiasan’olombelona ny fomba fiasan’Andriamanitra. Raha mariky ny fahalemena ny sarin’ny zanak’ondry

amin’ny kolontsaina mahazatra, ao amin’ny Baiboly kosa dia mariky ny hery sy ny fandresena izany.

Ohatra, ao amin’ny Apokalypsy toko faha-5, dia toy izao no hamaritana ny Zanak’ondry:

«Ary hitako fa, indro, teo afovoan’ny seza fiandrianana sy ny zava-manan’aina efatra ary teo afovoan’ny loholona dia nisy Zanak’ondry nitsangana tahaka ny efa voavono, nanan-tandroka fito sy maso fito, dia ny Fanahy fiton’Andriamanitra nirahina hankany amin’ny tany rehetra.» (and. 6).

Hitantsika ao amin’io andininy io fa manana *tandroka fito sy maso fito* ny zanak’ondry. Mety ho sahiran-tsaina kely isika ka manontany tena hoe: Inona no dikan’izany? Zava-dehibe indrindra ny fahafantarantsika fa ny Apokalypsy dia nosoratana tamin’ny fampiasana tandindona ary ilaina ny mampitaha azy ireo amin’ny sisa amin’ny Baiboly mba hahatakarana ireo tandindona ireo.

Ny tandroka amin’ny fiteny ara-paminaniana ara-Baiboly dia maneho *fahefana, hery, voninahitra* ary fisandratana (Deo. 33:17; Nom. 23:22); toy izany koa, ny maso dia tandindon’ny fahalalana sy *fahendrena* (Sal. 34:15; 1 Pet. 3:12). Etsy an-danin’izany, ao amin’ny Baiboly ny isa 7 dia tandindon’ny *fahatanterahana* na *tonga lafatra*. Noho izany, maneho hery tonga lafatra rehetra (*omnipotence*) ny sarin’ireo tandroka fito. Amin’ny lafiny iray,

manondro fahalalana tonga lafatra rehetra (*omniscience*) ny sarin'ny maso fito.

Deraina anie ny anaran' Andriamanitra! Afaka manao ny zava-drehetra ary mahafantatra ny zava-drehetra ilay “superhéros” antsika! Tonga lafatra ny heriny sy ny fahalalany! Tsy misy fahalemena na faharesena ao aminy! Mandrakizay sy mahery Izy!

Farany, milaza amintsika ny Apokalypsy fa *manana fahefana sy hery hamonjy* ilay “superhéros” antsika. Milaza ny Apokalypsy toko faha-5, andininy faha-9 sy faha-10 momba ny Zanak'ondry hoe:

“Hianao no mendrika haka ny boky sy hamaha ny toambo-kaseny; Fa voavono Hianao, ary ny rànao no nanavotanao ho an'Andriamanitra olona avy tamin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra; Ary efa nataonao fanjakana sy mpisorona ho an'Andriamanitsika ireo; Ary manjaka ambonin'ny tany izy.”

Natao sorona ho ahy sy ho anao i Jesôsy, ary afaka tamin'ny fanamelohana sy ny fahafatesana mandrakizay isika noho ny sorona izay nataony (Rôm. 8:1). Ilay “superhéros” antsika no *Vavolombelona marina, Lahimatoa amin'ny maty* ary *Lehiben'ny mpanjaka* amin'ny tany. *Izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny ràny*, sady efa nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an'Andriamanitra

Ray, ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay (Apôk. 1:5-6).

FAMARANANA

Nila “superhéros” i John Franco mba hanavotra azy. Mbola zaza izy dia efa namoy ny ray aman-dreniny tao anatin'ny lozam-pifamoivoizana nahatsiravina; tsy maintsy niaranonina tamin'ny raibe sy renibeny izy noho io loza io, saingy nandao ny tranony izy ary nankany amin'ny Faritr'i Brooklyn, New York tamin'ny faha-17 taonany.

Tafaraka tamin'ny andian-jiolahimboto izy tany, ary vao 20 taona monja, dia voaheloka higadra roa taona noho ny halatra mitam-piadiana. Latsaka tao anaty fahaketrhana lalina izy rehefa tany am-ponja.

Nahazo fahafahana vonjimaika miaraka amin'ny fepetra izy tamin'ny faha-22 taonany, saingy nahatonga azy ho tsy maintsy nandray fitsaboana tao amin'ny hôpitaly natokana ho an'ny marary saina ny fampiasany zava-mahadomelina sy alikaola ary ny fahalatsahany matetika tao anatin'ny fahakiviana. Tsy nanana toerana haleha izy rehefa nandao ny toeram-pitsaboana, ka lasa mpirenireny erak'i New York sady tsy nanan-kialofana.

Tazana nitsilanilany teny amoron' arabe izy, vokatry ny fampiasana zava-mahadomelina diso tafahoatra. Tena nila olona hanampy azy hivoaka

amin'io lavaka lalina io i John! Nila fanampiana avy amin'ny “superhéros” iray izy mba hanampy azy handresy ny fiankinan-dohany!

Indray andro, raha teny an-dalana izy, dia nahita taratasy mivalona manambara ny fanombohan'ny Herinandron'ny fitoriana ara-pilazantsara mitondra ny lohateny hoe “*Fanambaran'ny Apokalypsy*”. Hitany ny adiresy ary nanapa-kevitra ny hanatrika izany izy.

Nandre ny mpitory teny nilaza fa i Jesôsy ireny ihany no manana hery hanome fahafahana izy rehefa tonga tao am-piangonana, ary mbola tsy tapitra akory ny hafatr'ilay mpitory teny dia efa kotsan-dranomaso ny tarehin'i John. Tamin'izay fotoana izay no nangataka tamin'Andriamanitra izy mba hanao fahagagana eo amin'ny fiainany.

Niasa tao am-pony tamin'ny fomba mahery Andriamanitra! Jesôsy, ilay “superhéros” avy amin'Andriamanitra, no tonga namonjy azy ary nanome azy hery hiadiana amin'ny fiankinan-doha rehetra nahazo azy! Ankehitriny, efa tanora tsy misy fiankinan-doha intsony i John Franco ary mambra mavitrika ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

Ry tovolahy sy tovovavy malala, *i Jesosy no tena “superhéros” amin'ny tantara rehetra*. Izany no antony mahatonga ahy maniry ny hanasa anareo androany handray Azy eo amin'ny fiainanareo.

Raha mahatsiaro tena ho very ianao, Jesôsy ilay “superhéros” anao, no Mpamonjinao!

- Raha mahatsiaro tena ho malemy ianao, Jesôsy ilay “superhéros” anao, no manana ny hery sy fahefana!
- Raha very hevitra ianao ka tsy mahalala izay lalana haleha, Jesôsy, ilay “superhéros” anao, no mahalala ny zava-drehetra!
- Raha mahatsiaro tena ho resy sy very fanantenana ianao, Jesôsy ilay “superhéros” anao, no Andriamanitra Mpahary!
- Manatôna! Manatôna! Atolory an'ilay tena “superhéros” amin'ny tantara ny fiainanao: dia i Jesôsy Kristy!

FANONTANIANA HODINIHIINA SY HOSAINTSAININA

1. Iza no nanoratra ny bokin'ny Apokalypsy?
2. Inona no dikan'ny teny hoe «Apokalypsy»?
3. Firy ireo anarana raisin'i Jesôsy ao amin'ny Apokalypsy?
4. Midika inona ny fananan'ilay Zanak'ondry “tandroka fito” sy “maso fito”?
5. Araka ny hita ao amin'ny Apokalypsy 1:5-6, inona no nataon'ilay “superhéros” ho antsika tsirairay avy?

Alatsinainy

TORITENY 3

Ilay Tena Adin- Kintana Marina

(Apôk. 12:7-8)

FAMPIDIRANA

“Taloha ela be tany amin’ny vahindanitra lavitra be tany...”
Toa efa henonao ve izany? Izany no fanombohan’ny *Star Wars* na Adin-kintana, iray amin’ireo andiantsarimihetsika nahomby indrindra teo amin’ny tantara. I George Lucas no mpamorona azy, ary nandritra ireo taona 1970 no namokarany ny voalohany tamin’ireo andiantsarimihetsika sivy izay nahasarika ny sain’ny olona an-tapitrisany.

Toy izao ny tantaran’ny *Star Wars* raha fintinina: tany amin’ny vahindanitra lavitra tany dia nisy fifandonana naharitra eliasynahatonga rà nandriaka be, nifanandrinan’ny *Jedi*, izay miaro ny filaminana sy ny rariny ao amin’ny *Galactic Republic*, sy i Luke Skywalker izay malaza indrindra amin’ny rehetra. Ary ny *Sith*, izay sekta mampiasa ny ila maizina amin’ny hery antsoina hoe *Force* amin’ny fiezahany hifehy sy hanjaka



amin’ny vahindanitra iray manontolo, notarihan’i Darth Vader izay tovolahy mpiady namiratra kanefa nivadika tamin’ny ny asany amin’ny mahampiaro ny rariny sy ny fahamarinana azy mba hananganana ny fanjakany goavana feno faharatsiana; avy ao amin’ny foibeny ao amin’ny *Death Star* i Darth Vader no mikasa ny handrava ny tsara rehetra eto amin’izao tontolo izao, saingy nahavita nanimba ny drafitra nataony ny herin’ireo tsara fanahy, avy eo niverina teo amin’izao tontolo izao indray ny fiadanana rehefa nandresy ny ratsy ny tsara.

Olona an-tapitrisany no talanjona tamin’ity tantara ity! Na dia mahagaga aza ny rafi-tsoratr’ily sarimihetsika, fantatsika rehetra fa tsy misy afa-tsy ao amin’ny fisaintsainan’i George Lucas ihany no ahitana ny *Star Wars* na Adin-kintana toy izany.

Kanefa, ahoana raha milaza aminao aho fa misy tena Adin-kintana marina, mety hino ahy ve ianao? Taona an'arivony talohan'ny namoronan'i George Lucas ny *Star Wars*, i Jaona, ilay “mpianatra malala” sy mpanoratra ny Apokalypsy dia efa nanoratra momba ny tena Adin-kintana marina. Ary ity ady ity no mamaritra izay ho anjaran'ny tsirairay.

Fantatra amin'ny fiantsoana hoe *Hery Mifanandrina* ity tena Adin-kintana marina ity. Maneho izany fifandonana goavana izany amintsika miaraka amin'ny loko feno sy sary miavaka ny bokin'ny Apokalypsy:

«Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjeliny niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona mbamin'ny anjeliny kosa dia niady, nefa tsy naharesy, sady tsy nisy fitoerana ho azy intsony tany an-danitra. Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy.» Apôk. 12:7-9.

Andeha ary isika hianatra momba izany tena Adin-kintana marina izany. Mba hanaovantsika izany dia hozaraintsika telo ny fianarantsika: **Voalohany:** *hasehontsika ireo mpandray anjara fototra.* **Faharoa:** *hitsidika ireo fizarana samihafa ao amin'ny tantara isika.* **Fahatelo,** *hodinihintsika ny fiafarany.*

FAMELABELARANA

I. Voalohany, andeha hodinihantsika hoe iza ireo mpandray anjara fototra amin'io tena Adin-kintana io.

I Mikaela sy ilay Dragona no mpandray anjara fototra amin'ity Adin-kintana ity. Ary iza moa izy ireo? Inona no anjara andraikiny? Andeha isika hanomboka amin'ny famantarana an'i Mikaela. Miseho indimy eo ho eo io mpandray anjara io ao amin'ny Baiboly. Ao amin'ny Daniela, toko 10:12-13; 21, afaka mahita azy miady ho an'ny mpaminany isika. Ao amin'ny Joda 1:9 isika mahita azy miady amin'i Satana mba hahazoana ny fatin'i Mosesy. Toy izany koa, milaza ny Dan. 12:1 fa amin'ny andro farany dia hitsangana i Mikaela hanafaka ny olom-boafidin'Andriamanitra.

Misy fanalahidy roa ahafahantsika mamantatra an'i Mikaela; Ny voalohany: avy amin'ny teny hebreo hoe *Mikha'el* ny anarany, izay midika hoe “*Iza no tahaka an'Andriamanitra?*” Ny fanalahidy faharoa: araka ny Joda 1:9, i Mikaela no “arkanjely” ary, araka an'i Daniela, ilay “lehiben'ny andriana.” (Dan. 10:13, 21). Amin'ireo fanalahidy roa ireo no ahafahantsika manatsoaka ny hevitra fa i Mikaela dia i Jesosy Kristy. Mitovy amin'Andriamanitra i Jesosy (Jaona 1:1-3) ary antsoina hoe arkanjely (1Tes. 4:16).

Koa satria mazava tsara ny momba an'i Mikaela, andao indray ary hamantatra ilay Dragona. Milaza ny Apôk. 12:9 fa ilay dragona no “*ilay menarana ela*, izay atao

hoe *devoly* sy *Satana*". Mariho avy amin'izay fa i Satana no ilay Dragona, fahavalon'Andriamanitra lehibe indrindra.

Etsy andaniny, misy fanontaniana iray mipetraka mandrakariva isaky ny manolotra ity lohahevitra ity aho: Iza no namorona an'i Satana? Avy aiza no niaviany? Asehony ny Isa. 14:12-14 sy Ezek. 28:11-19, fa namorona zavamananana ainalongalafatra iray antsoina hoe *Losifera* Andriamanitra, anarana midika hoe "*Mpitondra fahazavana*". Izy no "*ilay mahatanteraka ny rafitra tsara tarehy tonga marika sady feno fahendrena no tena tsara tarehy*" (Ezek. 28:12), nefa indray andro dia nijanona tsy nibanjina an'Andriamanitra intsony izy mba handinika ny tenany; feno "heloka" sy "ota" izy vokatr'izany (Ezek. 28:16).

Io anjely io, izay mpitondra ny fahazavana araka izay sitrapony teo aloha, no lasa Satana, fahavalon'Andriamanitra, ary fototry ny ratsy. Manatsoaka hevitra isika fa i Jesosy, ilay andrianan'ny fiainana, sy Satana, ilay nipoiran'ny ota, no mpandray anjara fototra ao amin'ilay tena Adin-kintana.

II. Faharoa, andeha hojerentsika ireo fizarana samihafa ao amin'ny tantaran'ilay tena Adin-kintana.

Tany an-danitra mihitsy no nitranga ny fizarana voalohany ary antsoina hoe *ilay fikomiana*. Milaza ny Apôk. 12:7 fa *nisy ady tany an-danitra*. Zava-dehibe ny fahafantarantsika fa tsy ady ara-batana velively izany. Ny

teny hoe "ady", nampiasain'i Jaona, dia avy amin'ny teny grika hoe *polemos*, izay niavian'ilay teny malaza hoe "*polémique*" (na adihevitra sy resabe). Ady hevitra sy fifandresen-dahatra no niantombohan'ity ady ity. Niezaka tamin' ny fomba rehetra i Satana, izay rain' ny lainga, mba handoto ny toetran'Andriamanitra; ny hisandratra sy haka ny toeran'Andriamanitra no fikasany (Isa. 14:12-14). Nilaza i Satana fa mpanao didy jadona Andriamanitra ary ny hihazona ny zavaboariny eo ambany fifehezany no hany tiany atao. Nanoratra i Ellen White, mpanoratra kristiana malaza, momba ity fizarana voalohany ity hoe:

«Naniry ny ho voalohany tany andanitra i Losifera. Notadiaviny ny ho afaka mifehy ny mponin' ny lanitra, ny hisarika azy ireo hanalavitra ny Mpamonjy azy ka handray ny fiderana ho an' ny tenany. Noho izany dia diso ny fanehoany an' Andriamanitra, ka nampangainy ho mpanandra-tena izy. Ny toetra ratsy nampiavaka ny tenany no notadiaviny hatafy ilay Mpahary be fitiavana. Toy izany no namitahany ny anjely.» – IFM, t. 11.

Resy i Satana tamin'io fizarana voalohany io, ary noroahina avy tany an-danitra niaraka tamin'ny ampahatelon'ny anjely izay nifidy ny hanaraka azy. Nahazo ny fandresena i Mikaela!

Ny *fanafihana* no fizarana faharoa. Inona no nitranga taorian'ny nandroahana an'i Satana? Namorona ny zavaboary mahatalanjona Andriamanitra. Milaza ny Genesisy toko 1 fa nahary ny zava-drehetra

tao anatin'ny enina andro i Jehovah, ary tamin'ny andro fahenina no nanaovany ny famoronana ny olona: "Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy." – Gen. 1:27.

Napetrak'Andriamanitra tao amin'ny paradisa antsoina hoe Edena ny ray aman-drenintsika voalohany, ary nomeny didy hoe: "Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-drarahilahy ka nanao hoe: Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao." – Gen. 2:16-17.

Tamin'izay indrinda i Satana no nanafika ny firindrana nisy tao Edena

«Ary ny menarana dia fetsy noho ny bibi-dia rehetra izay nataon'i Jehovah Andriamanitra. Ary hoy izy tamin-dravehivavy: Hanky! efa nataon'Andriamanitra hoe: Aza ihinananareo ny hazo rehetra amin'ny saha? Fa hoy ravehivavy tamin'ny menarana: Ny voan'ny hazo eo amin'ny saha dia azonay ihinanana ihany; fa ny voan'ny hazo eo afovoan'ny saha kosa no efa nataon'Andriamanitra hoe: Aza hihinanareo na tendrenareo izany, fandrao maty ianareo. Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory ianareo; fa fantatr'Andriamanitra fa na amin'izay andro hihinananareo azy dia hahitrana ny masonareo,

ka ho tahaka an'Andriamanitra ianareo, hahalala ny ny tsara sy ny ratsy." – Gen. 3:1-5.

Mampalahelo fa tsy nankatò ny Tompo ny ray aman-drenintsika voalohany ka lasa andevon'i Satana vokatr'izany. Mety hanontany tena ianao hoe: Nahoana Andriamanitra no namela an'izany fitsapana izany? Nahoana izy no tsy nihazona an'i Satana ho lavitra an'i Adama sy Eva? Ilaintsika ny mahatakatra fa Andriamanitra dia Andriamanitry ny fahafahana. Tsy hoe namorona robot hofehезiny avy lavitra fotsiny izy. Nanana safidy malalaka i Adama sy Eva; Afaka nisafidy tsara izy ireo na ny hankatò an'Andriamanitra na tsy hankatò Azy: indrisy fa nifidy ny lalan'ny tsy fankatoavana izy ireo.

Ny fandresena no fizarana fahatelo amin'ilay tena Adin-kintana marina. Nihevitra i Satana fa nandrava ny fikasan'Andriamanitra izy; kanefa, talohan'ny nanorenana an'izao tontolo izao dia efa nisy ny drafitry ny fandresena (Apôk. 13:8). Taorian'ny fahalavoana, dia nampanantena mpanafaka izay hamarana ny fanjakan'ny ratsy Andriamanitra. "Dia hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahirin-tongony." – Gen. 3:15.

Tsy iza io mpanafaka io fa i Mikaela. I Jesosy Tompontsika no haka ny toeran'ny olombelona lavo ary hifanandrina amin'i Satana sy ny demoniany. Dia nisy tokoa izany! Mikaela, ilay andriana lehibe tonga

nofo (Mat. 1:18) izay nandoa ny vidim-panavotana tamin'ny fahafatesany (Efesiana 1:7), nefa tsy nitoetra tao ampasana, fa nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo ka naharesy ny fanjakan'ny fahafatesana (Heb. 2:14).

Tamin'ny nahaterahany, ny fiainany, ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin'ny maty, dia nosatrohina ho mpandresy tamin'ilay tena Adin-kintana marina i Jesosy. Nandresy an'i Satana izao tontolo rehetra izao noho ny fandresen'i Kristy: *"Ankehitriny dia tonga ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan'Andriamanitsika, Ary ny fahefan'ny Kristiny, Satria nazera ilay mpiampanga ny rahalahintsika, dia ilay miampanga azy eo anatrehan'Andriamanitsika andro aman'alina."* - Apôk. 12:10.

III. Noho ny fandresena azon'i Jesosy dia fantatsika izay ho fiafaran'ilay tena Adin-kintana

Tsy isalasalana fa ho rava mandrakizay ny fanjakan'ny ratsy! Milaza ny Apôk. 20:10 fa *"hatsipy any amin'ny farihy afo"* ny devoly. Io no fandranganana azy farany!

Amin'ny teny kanto no hanoloran'i Ellen White ny fiafaran'ny ilay tena Adin-kintana marina:

Mifarana hatreo ilay ady lehibe. Tsy misy intsony ny fahotana sy ny mpanota. Voadio tanteraka ny tontolo rehetra. Miaramitepo fifaliana sy firindrana ny voary manontolo. Avy amin'

Ilay Mpamorona izao rehetra izao no mikoriana ny aina sy ny fahazavana ary ny fifaliana manerana ny fanjakana eny amin' ny habakabaka tsy misy fetra. Hatramin' ny «atoma» bitika indrindra ka hatramin' izao tontolo izao lehibe indrindra, ny zavatra rehetra, na ny manan' aina na ny tsy manan' aina dia samy manambara amin' ny alalan' ny hankatony sy ny fifaliany safononoka fa ANDRIAMANITRA DIA FITIAVANA.

FAMARANANA

Inona no fahamarinana ivon'ilay tena Adin-kintana marina? Jesosy no *ilay mpandresy lehibe!* Mihoatra lavitra noho ny asa mahagaga azo eritreretina vitan'ireo Jedi na i Skywalker ny fandresena azony! Tena niseho sady nahery vaika ny fandreseny teo amin'ny hazo fijaliana, ary miaina ny fandreseny amin'izao fotoana izao izay rehetra mino Azy, sady mbola hiaina ao amin'ilay tontolony be voninahitra mandritra ny mandrakizay.

Nandeha nitsangatsangana manodidina ny tanàna niaraka tamin'ny namany i Jennifer. Feno fifaliana avokoa izy ireo tamin'io tolakandro io. Nihomehy ireo namany raha namily ny fiara tamimpilaminana tamin'ny lalana mazava ny iray tamin'izy ireo; tampoka teo, tao anatin'ny segondra vitsy dia niova ny zava-drehetra. Nivoaka ny lalany tampoka ny mpamily iray ary nandona

ilay fiara nandehanan'i Jennifer. Tena nahery vaika ny fifandonana ka maty avokoa ny rehetra afa-tsy izy irery.

Nentina avy hatrany tany amin'ny sampana vonjy taitra izy; nolazain'ny dokotera fa kely sisa ny fotoana hahavelomany, ka niantso ny pasitora ny ray aman-dreniny ary niaranitalaho mba hisian'ny fahagagana izy ireo. Fahagagana sisa no mety hahavonjy azy tamin'ny fahafatesana ary tena niseho tokoa izany! Tafavoaka soa aman-tsara tao amin'ny sampana vonjy taitra i Jennifer! Naharitra ela ny fahasitranany ara-batana sy ara-pihetseham-po, saingy taona maro tatỳ aoriana, rehefa nijoro ho vavolombelona izy, dia nilaza hoe: *Nomen'i Jesosy ahy ny fandresena!*

Ry zatovo malala, afaka manome fandresena anao i Jesosy Kristy. Amin'ity tena Adin-kintana marina ity, dia afaka miteny koa ianao hoe:

"manotra noho ny mpandresy isika amin'ny alàlan'ilay tia antsika" - Rôm. 8:37.

FANONTANIANA HODINIHINA SY HOSAINTSAININA:

1. Iza avy ireo mpandray anjara fototra amin'ilay tena Adin-kintana marina?
2. Iza moa i Mikaela ary inona no ataony ho an'ireo olomboafidin'Andriamanitra?
3. Inona no antony nisian'ilay ady tany an-danitra?
4. Inona no teny fampanantenana nomen'Andriamanitra ho an'ireo ray aman-drenintsika voalohany?
5. Inona no fiafaran'ilay tena Adin-kintana marina?



Talata

TORITENY 4

"La Belle et la Bête": Ny Tena Tantara Marina

(Apôk. 12:17)

FAMPIDIRANA

Ilay tantara ho an'ny ankizy malaza mitondra ny lohateny hoe "La Belle et la Bête" dia manolotra ny tantara mahafinaritra momba ny andriana iray izay niova ho bibidia lehibe noho ny ozona nihatra taminy. Tsy ho afaka mihitsy ilay ozona raha tsy misy olona afaka mitia azy araka ny maha izy azy ; ary niseho izany noho ny farany rehefa tonga tao amin'ny lapany ny tovovavy mahafatifaty iray mba hitady ny rainy very. Nifarana ny tantara rehefa afaka ilay ozona ary nifanambady ireo tanora ka niaina tao anatin'ny fifaliana, tahaka ny fiakaran'ny tantara rehetra.

Manolotra antsika tantara mahagaga ny Apokalypsy : ny tena tantara marina momba ilay vehivavy tsara tarehy sy ilay bibidia lehibe. Ao amin'io tantara tena marina io, dia tsy ozona no nahatonga ilay bibidia tamin'ny toerana nisy azy



tany am-boalohany, fa vokatry ny tsy fankatoavany an'Andriamanitra ; ary tsy raiki-pitia tamin'ilay vehivavy izy fa manenjika azy noho ny fitiavian-tenany. Feno fifaliana ny fiakarany, tsy hoe satria nisy fanambadiana, fa satria nandresy an'ilay bibidia ilay vehivavy tsara tarehy.

FAMELABELARANA

Andeha isika hiaraka hijery ny Apokalypsy toko faha-12 ary hamaky ny andininy telo voalohany:

«Ary nisy famantarana lehibe hita tany an-danitra, dia vehivavy mitafy ny masoandro, ary ny volana no eo ambanin'ny tongony, ary misy satro-boninahitra kintana roa ambin'ny folo amin'ny lohany, sady bevohoka izy; ary mihetsijaza izy ka mitaraina, satria marary fatratra efa hiteraka. Ary nisy

famantarana hafa koa hita tany an-danitra, ka, indro, nisy dragona mena lehibe manan-doha fito sy tandroka folo, ary misy diadema fito amin'ny lohany.»

Ao amin'ny Apokalypsy toko faha-12, misy tandindona roa misongadina: ilay vehivavy sy ilay dragona. Mahaliana ny mahita fa voatonona im-balo ao amin'ilay toko iray manontolo ilay vehivavy sy ilay dragona. Tadidinareo ve hoe iza ilay dragona? Namantatra isika tao amin'ny hafatra teo aloha fa i Satana izany, ilay menarana ela (Apôk. 12:9).

Tiako ho takatrareo tsara fa miasa amin'ny alalan'ny fitaovana i Satana. Noho izany, ny dragona koa dia tandindon'ny hery sy fahefana rehetra izay manohitra ny asan'Andriamanitra sy miady aminy. Fa tandindon'ny inona kosa ilay vehivavy?

Alohan'ny hamaliana io fanontaniana io, mamelà ahy hampiseho aminareo vetivety ny fitsipika tsotra momba ny fandikana ny Baiboly izay hanampy anareo hahatakatra ny bokin'ny Apokalypsy. Vonona ve ianareo? Iza no lazain'io fitsipika io: *Ny Baiboly ihany no mandika ny tenany.*

Ny Baiboly ihany no ilainao mba handikana ny Baiboly, ka iza izy ihany no manazava ny tenany! Tahak'izany koa, mba hahazoana ireo tandindona ara-paminaniana, ny hany tsy maintsy atao dia ny fikarohana ny Baiboly ihany. Miaraka amin'izany hevitra izany ao ant-saina no anasako anareo hamaky andininy vitsivitsy izay manazava ny tandindon'ilay vehivavy:

- «*Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, mba hahamasina azy amin'ny anadiovany azy amin'ny rano fanasana amin'ny teny*» -Efes. 5:25-26.
- «*Fa fahasaro-piaro araka an'Andriamanitra no mahasaro-piaro ahy aminareo; fa nataoko fofombadin'ny lehilahy iray ianareo, mba hatolotra tahaka ny virijina madio ho an'i Kristy*» -2 Kôr 11:2.

Maneho ny vahoakan' Andriamanitra na ny fiangonana marina ny vehivavy madio, araka ny hita ao amin'ny Apôk. 12. Noho izany, tsy inona fa ny adin'i Satana amin'ny olon'Andriamanitra na ny fiangonana ny tantara hitantsika ao amin'ity toko ity.

Ny fiangonana? Miresaka momba ny Fiangonana Marina ve ny Apokalypsy? Marina indrindra izany ry tanora malala, ary heveriko fa zava-dehibe indrindra ny miato mba handinika ny momba ny fiangonana, araka ny voalaza ao amin'ny Baiboly ary indrindra ny bokin'ny Apokalypsy.

Rehefa miresaka momba ny fiangonana isika, ny zavatra voalohany tokonyhanontaniansika nytenantsika dia ny hoe: Manana fiangonana eto an-tany ve Andriamanitra? Hita ao amin'ny Filazantsaran'i Matio, toko faha-16, andininy faha-17 sy faha-18 ny valin'izany fanontaniana izany:

«Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Sambatra ianao,

ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra. Ary Izaho milaza aminao koa: Hianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy.»

Voamarikareo ve izany? Manana fiangonana Andriamanitra ary miantso azy io hoe *ny fiangonako*, saingy misy antokom-pivavahana kristiana maherin'ny 30 000 eto amin'izao tontolo izao ankehitriny ary samy milaza ny tenany ho «fiangonan'Andriamanitra» avokoa izy ireo. Ahoana ary no ahafantarantsika hoe iza no tena marina?

Manambara toetra dimy farafahakeliny ny Apokalypsy 12 izay ahafahana mamantatra ilay tena fiangonana marina. Manaraka ahy ve ianareo? Andeha hojerentsika tsirairay ireo toetra ireo:

TOETRA #1: MINO NY FILAZANTSARA ILAY TENA FIANGONANA MARINA

Asehon'ny Apôk. 12:1 hoe “mitafy ny masoandro” ilay vehivavy. Inona no dikan'izany? Tadidinareo ve ilay fitsipiky ny fandikana ny Baiboly? Ny Baiboly ihany no mandika ny tenany! Vakio miaraka amiko ny Mal. 3:18: “*Ary hiposaka aminareo, izay matahotra ny anarako, ny Masoandron'ny fahamarinana, manana fanasitrana ao amin'ny tanany; ary hivoaka ianareo ka hifalihavanja toy ny zanak'omby mifahy.*”

Ny fiangonana marina dia manaiky fa amin'ny alalan'ny fahasoavana ireny ihany no ahazoana ny famonjena (Efes. 2:5-8). Mino koa izy fa tsy amin'ny alalan'ny asa tsara no ahazoana famelan-keloka, fa amin'ny finoana. “*Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika.*” (Rôm. 5:1).

TOETRA #2: MIAINA NY FANANTENAN'NY FIAVIANA FANINDROANY ILAY TENA FIANGONANA MARINA

Ny Apôk. 12:2 dia mampisehoan'ilay vehivavy ho “mihetsi-jaza” sy “marary fatratra efa hiteraka”. Tahak'izany koa, ny Matio 24:8 dia maneho ny sary an'ohatry ny “fahorian'ny fiterahana” hilazana ny momba ireo famantarana manambara ny fiverenan'i Jesosy Kristy tsy ho ela; izany hoe miresaka momba ny fivoahan'ny zaza tsy ho ela ny fanaintainan'ny fiterahana. Raha lazaina amin'ny teny hafa, dia miaina ao anatin'ny fiandrasana ny Mpamonjiny ny tena fiangonana marina.

TOETRA #3: MANKATÒ IREO DIDIN'ANDRIAMANITRA ILAY TENA FIANGONANA MARINA

Milaza ny Apôk. 12:17 fa ny fitandremana ny didin'Andriamanitra no mampivavaka ny taranak'ilay vehivavy. Mankatò ireo Didin'



FISORATANA ANARANA (INSCRIPTION)

ANKAPOBENY

Laharam-pitehirizana : _____
(Numéro d'inscription)

Federasiona : _____
(Fédération)

Distrika : _____
(District)

Faritra : _____
(Région)

Fiangonana : _____
(Eglise)

Sary tapaka
(Photo d'identité)

(Généralités)

Anarana : _____
(Nom)

Daty nahaterahana : _____ / _____ / _____
(Date de naissance)

Fanampiny : _____
(Prénom)

Solon'anarana : _____
(Totem)

Adiresy : _____
(Adresse)

Lahivavy : _____
(Sexe)

Lehilahy
(Masculin)

Vehivavy
(Féminin)

Lah. finday : _____
(Num téléphone)

@Mailaka : _____
(E-mail)

Asa fivelomana : _____
(Métier)

Orinasa : _____
(Société)

Kilasy (raha mpianatra) : _____
(Classe)

Sekoly : _____
(Ecole)

Làlam-piofanana : _____
(Filière)

Sakafo tsy ohanina (antony) : _____
(Aliment(s) à éviter (raison))

Sokajin-drà : _____
(Groupe sanguin)

Aretina mitaiza : _____
(Tare(s))

Fanafodiny : _____
(Traitement)

(Informations personnelles)

NY TENAKO

Olona antsoina raha misy voina :
(Personne à contacter en cas d'urgence)

Lah. findainy:
(Son numéro de téléphone)

Klioba hidirako :
(Club auquel je m'inscris)

Mpisanatatra
(Aventurier)

Mpivalalana
(Explorateur)

Ambasadaoro
(Ambassadeur)

Zoky
(Jeune Adulte)

Mari-pandrosoana :
(Grade)

Vita voady :
(Promesse JA)

ENY
(Oui)

TSIA
(Non)

Datin'ny voady :
(Date)

_____ / _____ / _____

Vita batisa :
(Baptême)

ENY
(Oui)

TSIA
(Non)

Datin'ny batisa :
(Date du baptême)

_____ / _____ / _____

Fanomezam-pahasovan'ny Fanahy :
(Don Spirituel)

FIKAMBANANA

OFANA & ASA

HO AN'NY TANORA ZOKINY
(A remplir pour les JAS)

Taona (Année)	Ofana na Andraikitra (Formation ou Responsabilité JA)	Toerana na Fiangonana (Lieu de formation ou Eglise)

FANGATAHANANA

Ray aman-dreny na mpiantoka
(Parents ou tuteur légale < 18 ans)

Manaiky izahay ny hidiran'ny zanakay (taizanay) amin'ny fikambanana, ary hanohana sy hanampy ireo mpitarika amin'ny fanabeazana.

NY TENAKO
(Moi même)

Mangataka aho ny hisoratra anarana ho isan'ny mpikambana Tanora Adventista maneran-tany amin'ity taona _____ity.



Andriamanitra ilay Tena Fiangonana Marina! Didy inona anefa izany? Ireo Didy Folo voarakitra ao amin'ny Eksodosy 20, andininy 1-17:

1. Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany.
2. Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra izay eny amin'ny lanitra ambony, na izay etỳ amin'ny tany ambany, na izay anyamin'ny rano ambanin'ny tany. Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy; fa Izaho, Jehovah Andriamanitrao ...
3. Aza manonona foana ny anaran'i Jehovah Andriamanitrao; fa tsy hataon'i Jehovah ho tsy manantsiny izay manonona foana ny anarany.
4. Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy. Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra. Fa Sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito.
5. Manaja ny rainao sy ny reninao mba ho maro andro ianao ao amin'ny tany izay omen'i Jehovah Andriamanitrao ho anao.
6. Aza mamono olona.
7. Aza mijangajanga.
8. Aza mangalatra.
9. Aza mety ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namanao.
10. Aza mitsiriritra ny tranon'ny namanao; aza mitsiriritra ny

vadin'ny namanao, na ny ankizilahiny, na ny ankizivaviny, na ny ombiny, na ny borikiny, na izay mety ho an'ny namanao akory aza.

TOETRA #4: MINO NY FISIAN'NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA ARA-PANAHY ILAY TENA FIANGONANA MARINA, INDRINDRA FA NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FAMINANIANA

Ao amin'io andininy faha-17 ao amin'ny Apokalypsy toko faha-12 io ihany no ilazana antsika fa manana “ny filazana an'i Jesosy” ny tena fiangonana marina. Fanampin'izany, voalaza ao amin'ny Apôk. 19:10, fa ny filazana an'i Jesosy no “fanahin'ny faminiana” na ny “fanomezam-pahasoavan'ny faminiana”.

TOETRA #5: FIANGONANA MANDRESY ILAY TENA FIANGONANA MARINA

Manana “satro-boninahitra kintana roa ambin'ny folo” ilay vehivavy ao amin'ny Apôk. 12 (Apôk. 12:1) ary tandindon'ny fandresena ny satroboninahitra ao amin'ny Baiboly (Apôk. 2:10; 2 Tim. 4:8).

Ryzatovolahysy zatovovavy malala, manana ireo toetra mampivavaka ny tena vahoakan'Andriamanitra marina ireo ny Fiangonana Advantista Mitandrana ny Andro Fahafito:

- Mino isika amin'ny maha-fiangonana antsika fa i Jesosy irery ihany no lalana mankany

an-danitra ary tsy misy famonjena ivelan'izany.

- Ny hoe fiangonana “Advantista” dia manambara ny fanantenana ananantsika amin’ny fiavian’i Jesosy Kristy fanindroany.
- Mino isika fa mbola manan-kery tanteraka ny Didy Folo ary fomba fisedrana ny toetra kristianina.
- Mino ny fanomezam-pahasoavan’ny faminiana isika ary niseho tao amin’ny asa fanompoana nataon’i Ellen White izany. Loharano ahitana torohevitra sy fampianarana ary fanitsiana ho an’ny fiangonana ny asorany, ary milaza mazava tsara izy ireo fa ny Baiboly no fenitra tsy maintsy hitsapana ny fampianarana sy fanfomb rheandramana rehetra.
- Matoky isika fa “mihoatra noho ny mpandresy” ao amin’i Kristy, ary azo antoka ny fandresena noho ny fiainany, ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin’ny maty.

Milaza mazavatsara ny Apôk.12:17 fa feno fahatezerana amin’ny fiangonana ilay dragona, izany hoe hitady izay fomba rehetra handringanana ny vahoakan’Andriamanitra i Satana. Kanefa tsy tokony hatahotra isika satria i Jesosy Kristy no mpiandry ny fiangonana, ary tsy mbola resy mihitsy izy tamin’ny ady rehetra nataony.

FAMARANANA

Ry tanora malala, *manana fiangonana izay mino an’i Jesosy ho hany Mpamonjy azy sady miaina amin’ny fankatoavana ny fitsipiny*

Andriamanitra. Fotoana vitsy lasa izay, nisy tovovavy iray izay niady tamin’ny fahaketrana sy ny fanahiana nandritra ny taona maro, tonga tao amin’ny iray tamin’ireo fivoriana nataonay. Vitsy dia vitsy ny namany ary nandany ny ankamaroan’ny fotoany malalaka nihidy tao an-tranony izy; tsy nivoaka na taiza na taiza mihitsy izy afa-tsy ny hiasa sy ho any amin’ny toeram-pivarotana akaiky azy indrindra hividly labiera sy sigara. Tsy nisy dikany sy antom-pisiana ny fiainany, araka ny fitantarany; ny fahatsapana ho irery ihany no niaraka taminy.

Indray andro, nahazo fanasana hanatrika ny iray amin’ireo fotoam-pivavahana nataonay tany ampianonana izy tamin’ny alàlan’ny mpiara-miasa aminy iray. Nanao fialantsiny izy tamin’ny voalohany, saingy niezaka mafy nandresy lahatra azy ilay mpiara-miasa taminy ka nanaiky hitsidika ny fiangonana izy, “indrany mandeha ihany, mba hanandrana”.

Farany, nanatrika ny fotoam-pivavahana Sabata izy ary nandany ny ankamaroan’ny andro niarahana taminy. Niara-sakafo antoandro taminy izy, ary nivoaka niaraka tamin’ny mpino maromaro izy ny tolakandro mba hanatitra sakafo ho an’ireo sahirana. Araka ny teniny manokana, «tena niavaka io andro io»; tsy mbola nankafy rivo-piainana mahafinaritra toy izany izy teo aloha, ka dia niverina izy ny herinandro nanaraka.

Tamin’ity indray mitoraka ity, nanasa azy ireo ny tanora mba hanao hetsika ara-tsosialy tao amin’ny iray amin’ireo Akany (trano fitaizana

kamboty na be antitra) manodidina azy. Vonona ny handeha izy ary hitany fa mankafy sy miaina fiainana arapahasalamana ny Kristianina, tsy misy alikaola na zava-mahadomelina. Hoy izy: “Tsy nety nino ny zava-nitranga aho ary nahatsiaro ho nekena sy nohajaina.”

Nahazo hafatra an-tsoratra nisy andinin-teny mampahery avy ao amin'ny Baiboly izy isan-kerinandro. Nisy vehivavy maromaro nampiditra azy tao anatina vondrona mpiaramivavaka manokana; tsy nanampotoana hahatsiarovan-tena ho irery izy. Enim-bolana taorian'ny fitsidihana voalohany nataony, nangataka ny hatao batisa izy. Nilaza ny fijoroany ho vavolombelona izy talohan'ny batisany ary nilaza fa ny fitiavana nasehon'ny ankizy sy ny tanora ary ny olon-dehibe taminy no nanampy azy handresy ny fahatsapana ho irery.

Afaka tanteraka izy ankehitriny, nandao ny faharatsian'ny sigara sy ny alikaola, fa ambonin'ny zava-drehetra, manana fifandraisana manokana amin'Andriamanitra sy amin'ny hafa izy.

Raha mbola tsy mambran'ny fiangonana ianao, manasa anao hiditra ao haingana!

FANONTANIANA HODINIHINA SY HOSAINTSAININA

1. Inona no asehon'ilay vehivavy hita ao amin'ny Apôk. 12?
2. Inona no fitsipika fototra tokony arahintsika rehefa mianatra ny **Baiboly?**

3. Mifanakaloza hevitra momba ireo toetran'ny fiangonana dimy araka ny hita ao amin'ny Apôk. 12.
4. Nahoana isika no mino fa manana ireo toetran'ny tena vahoakan'Andriamanitra marina ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito?
5. Inona no antony fototra inoantsika fa hahomby ny fiangonana?



Alarobia

TORITENY 5

Fivavahana Marina sy Diso


(Apôk. 13:1-18)

FAMPIDIRANA

Ry tanora malala, miresaka momba ny tena votoatin'ny bokin'ny Apokalypsy indrindra ny hafatra izay hatolotray. Milaza ny manampahaizana fa ny toko faha-13 no ivon'ilay boky iray manontolo. Inona ary no hitantsika ato amin'io toko io? Nahoana no zava-dehibe izany? Inona no fampianarana entiny ho antsika amin'izao ankehitriny izao? Andeha ary hodinihintsika avy hatrany ny hafatry ny Apokalypsy toko faha-13 ho antsika.

FAMELABELARANA

Misy herin'ny ratsy telo aseho ao amin'ny Apokalypsy: ny dragona, ny bibi-dia ary ny mpaminany sandoka



(Apôk. 16:13). Mety hanontany tena ianareo hoe iza izy ireo? Ho hitanareo fa mora ny mamantatra izany. Ny Apôk. 12 sy 13 no mampahafantatra ireo herin'i Satana telo ireo. Efa hitantsika fa miresaka momba ny dragona ny toko faha-12 (Apôk. 12:7-9), fa ny toko faha-13 kosa miresaka momba ny "bibi-dia" izay miakatra avy amin'ny ranomasina (Apôk. 13:1-10), ary avy eo ny iray hafa miakatra avy amin'ny tany (Apôk. 13:11-18). Ireo hery telo ireo no mahaforona ny "Trinité" (Telo izay iray) sandoka antsoina hoe dragona sy bibidia ary mpaminany sandoka.

Efa fantatsika fa i Satana ilay dragona, saingy... **Inona no asehon'ireo bibi-dia roa hita ao amin'ny Apôk. 13?**

I. ILAY BIBI-DIA VOALOHANY (APÔK. 13:1-10)

Andeha ho atombotsika amin'ny famakiana ny Apôk. 13:1 sy 2:

«Ary hitako fa, indro, nisy bibi-dia niakatra avy tamin'ny ranomasina, nanan-tandroka folo sy loha fito, ary tamin'ny tandrany dia nisy diadema folo; ary tamin'ny lohany dia nisy anarana fitenenan-dratsy. Ary ny bibi-dia izay efa hitako dia tahaka ny leoparda, ary ny tongony tahaka ny an'ny bera, ary ny vavany tahaka ny vavan'ny liona; ary ilay dragona nanome azy ny heriny sy ny seza fiandrianany ary fahefana lehibe.»

Mahavariana tokoa izany...tena biby hafahafa tokoa izany! Manana ny vatan'ny leoparda izy, vavan'ny liona ary ranjon'ny bera. Mety ho hevitra mahaliana ho an'ny sarimihetsika izany! Saingy tsy sarimihetsika izany, fa tantara tena misy!

Andeha hodinihintsika ity biby hafahafa ity. Mba hanaovana izany dia tsy maintsy mampiasa ny fanalahidin'ny fandikana ara-Baiboly izay noresahintsika tamin'ny hafatra farany, tadidinareo ve? Tsotra ilay izy: *aoka ny Baiboly ihany no handika ny tenany.*

Mba hamantarana io biby hafahafa miakatra avy amin'ny ranomasina io, dia ilaina ny mianatra ny toko faha-7

ao amin'ny Daniela, izay misy fahitana iray ahitana biby hafahafa efatra hafa miakatra avy ao amin'ny ranomasina ihany koa.

Mampiseho amintsika ny fiakaran'ny biby efatra samy hafa ny Daniela toko faha-7: ny voalohany dia liona mahery izay nanana elatry ny voromahery roa teo an-damosiny (Dan. 7:4); avy eo narahin'ny bera iray izay nisondrotra kokoa ny ilany ary nisy taolan-tehezana telo tao ambavany (Dan. 7:5). Avy eo, nisy leoparda hafahafa nanana loha efatra sy elatra efatra (Dan. 7:6); ary farany, nisy biby mahatsiravina sy tsy hay lazaina nipoitra avy tao an-dranomasina izay tsy azon'ilay mpaminany nampitahaina tamin'ny zavaboary hafa, satria nanana nify sy hoho vy izy; ary koa, nanana tandroka folo teo amin'ny lohany izy (Dan. 7:7).

Very hevitra tahaka anareo ankehitriny ihany koa ilay mpaminany rehefa nahazo izany fahitana izany; kanefa nohazavain'Andriamanitra taminy tatỳ aoriana ny dikan'ireo biby hafahafa ireo. Andeha hojerentsika hoe ahoana no hanazavan'ireto andininy roa manaraka ireto ny zavadrehetra ho antsika:

- Dan. 7:17: Ireo **biby lehibe efatra** ireo dia **mpanjaka efatra** izay hitsangana avy amin'ny *tany*.
- Dan. 7:23: Ilay **fahefatra amin'ny biby** dia **fanjakana** fahefatra etỳ ambonin'ny *tany*.

Inona no asehon'ny bibi-dia iray ao amin'ny faminaniana? Maneho fahefana ara-politika izany! Noho izany, raha miresaka momba ny bibi-dia i Daniela sy ny Apokalypsy, dia fahefana ara-politika no tian'izy ireo holazaina. Tsy tokony hahagaga izany, satria na amin'izao fotoana izao aza, biby no ampiasaina hanehoana ny antoko politika; Ohatra, any Etazonia, ny ampondra no ampiasaina hanehoana ny Antoko Demokratika ary ny elefanta kosa hanehoana ny Antoko Repoblikana.

Zava-dehibe ny manampy fa tsy maneho fahefana ara-politika fotsiny ihany ny tandidona hoe "bibi-dia", fa koa fahefana izay mitsangana hanohitra ny vahoakan'Andriamanitra. Noho izany, maneho ny biby efatra ao amin'ny Daniela 7 ho ireo fanjakana efatra lehibe ara-tantara: Babylona, Media-Persa, Grisia, ary Roma ny Baiboly.

Miaraka amin'io fanazavana io, andeha isika hiverina any amin'ny Apôk. 13, izay ahitantsika ireo bibi-dia efatra ireo izay voafintina ao anatin'ny iray, toy ny mampiseho fa iray ihany no mitantana azy rehetra.

Inona àry no toetra fototra ananan'ilay bibi-dia ao amin'ny Apôk. 13? Andeha hojerentsika:

1. FAHEFANA MITENY RATSY IZY

Andeha hovakintsika ny Apôk. 13:6: *Ary nanokatra ny vavany hiteny ratsy*

an'Andriamanitra izy, dia ny hiteny ratsy ny anarany sy ny tabernakeliny, dia ireo mitoetra any an-danitra

Milaza ny Baiboly fa misy anakiroa ny fitenenan-dratsy: *voalohany, milaza ho manana fahefana hamela heloka (Lio. 5:21); ary faharoa, manao ny tenany ho Andriamanitra sy maka ny toerany (Jao. 10:33).*

2. MITAKY FANOMPOAM-PIVAVAHANA

Milaza ny andininy faha-8 amin'ny Apôk. 13 hoe: *Ary hiankohoka eo anoloany ny olona rehetra monina ambonin'ny tany, dia izay tsy manana ny anarany voasoratra eo amin'ny bokin'ny fiainan'ny Zanak'ondry, izay voavono hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao.*

3. MANENJIKA NY VAHOAKAN'ANDRIAMANITRA

Ary navela hiady tamin'ny olona masina izy ka haharesy azy ity bibi-dia ity (Apokalypsy 13:7).

4. MAKA TAHAKA AN'I KRISTY

Raha dinihina tsara ny fihetsik'ity "bibi-dia" ity dia manambara amintsika fa io no "antikristy", izany hoe ilay herin'olombelona avy amin'i Satana izay manao ny tenany ho Kristy.

Andeha hojerentsika izao fampitahana izao eo amin'i Kristy sy ilay bibi-dia

Kristy (Araka izay aseho ao amin'ny Apokalypsy)	Ilay Bibi-dia (Ao amin'ny Apokalypsy 13)
Manana tandroka fito (5:6)	Manana tandroka folo (13:1)
Manana diadema maro (19:12)	Manana diadema folo (13:1)
Efa voavono (5:6)	Voan'ny ratra mahafaty (13:3)
Natsangana tamin'ny maty (1:18)	Sitrana ilay feriny (13:3)
Nahazo fahefana avy amin'ny Ray (3:21)	Nahazo fahefana avy amin'ilay dragona (13:4)
Mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny Ray (3:21)	Mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ilay dragona (13:2, 4)
Iankohofan'izao rehetra izao (5:13, 14)	Iankohofan'ny tany rehetra (13:4, 8)

Raha fintinina, ilay bibi-dia niakatra avy tao amin'ny ranomasina ao amin'ny Apôk. 13 dia mpaka tahaka an'i Kristy. Maka tahaka ny maha-izy azy sy ny fijalian'i Kristy izy; maneho ny tenany ho manana ny fahefan'i Kristy izy, sady mangalatra ny fahefany sy ny heriny eto an-tany. Milaza izy fa mamela heloka ary mitaky ny fiankohofana aminy.

Alohan'ny hamaranana ity teboka ity ry tanora malala, mamela ahy hametraka fanontaniana vitsivitsy aminareo:

- Mahafantatra fahefana iray izay, ankoatra ny maha-ara-pivavahana azy, dia mampiasa fahefana ara-politika matanjaka eto an-tany ve ianareo?
- Mahafantatra fahefana ara-pivavahana izay hajaina sy ankasitrahany mpanjaka sy ny filoha ary ny minisitra maro ve ianao?

- Mahafantatra fahefana iray antsoina hoe “Kristiana”, izay nanenjika ny Kristiana hafa taloha ve ianareo?

Tiako raha ianareo ihany no manatsoaka hevitra ho an'ny tenanareo. Ilay bibi-dia ao amin'ny Apôk. 13 no antikristy izay mitady fiankohofana amin'ny fomba rehetra izay azony ampiasaina.

II. ILAY BIBI-DIA FAHAROA (APÔK. 13:11-18)

Ilay bibi-dia faharoa ao amin'ny Apôk. 13, izay ao anatin'ilay ny fahefana telo zoron'ny herin'i Satana, dia aseho ho biby niakatra avy tamin'ny tany; ary *nanan-tandroka roa tahaka ny an'ny zanak'ondry izy sady niteny tahaka ny dragona* (Apôk. 13:11).

Sahala amin'ilay bibi-dia voalohany, nanana toetoetra mampiasa azy io fahefana faharoa io: *voalohany*, miakatra avy amin'ny

tany izy; *Faharoa*, manana tandroka roa tahaka ny an'ny zanak'ondry izy; *Farany*, niteny tahaka ny dragona izy.

Tsy maintsy miakatra avy amin'ny toerana tsy mponina na tsy dia misy olona manatrika firy io fahefana faharoa io, ary araka ny Apôk. 17:15, ny rano ao amin'ny faminiana dia maneho ny “vahoaka betsaka sy firenena maro ary samy hafa fiteny”, noho izany, ny tany dia tandindon'ny “vahoaka vitsy.”

Tahak'izany koa, tsy maintsy mitsangana miaraka amin'ireo foto-pampianaran'ny Kristianisma io fahefana io, satria “nanan-tandroka roa tahaka ny an'ny zanak'ondry” izy; kanefa na nitsangana sady niaro ny foto-pampianarana kristiana aza izy, dia tsy maintsy hiafara amin'ny fitenenana toy ny dragona io fahefana io. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, midika izany fa hitsangana hanohitra ny foto-pampianarana kristiana sy ny Vahoakan'Andriamanitra izy.

Ry tanora malala, mamelà ahy hametraka fanontaniana vitsivitsy aminareo indray:

- Mahafantatra firenena matanjaka iray amin'izao ankehitriny izao, izay firenena kristiana tany ampiandohan'ny tantarany, sady mpianatra ny Soratra Masina ary indrindra indrindra, ny fahalalahana ara-pivavahana ve ianareo?
- Moa ve misy firenena amin'izao ankehitriny izao izay, nanana fiaviana kristiana, saingy lasa firenena tsy ara-pivavahana izay nanohitra ireo foto-pampianarana aseho ao amin'ny Tenin'Andriamanitra?

III. NY FANDAHARAM-POTOANAN'ILAY TELO IZAY IRAY (TRINITE) SANDOKA

Ry tanora malala, inona araka ny hevitrao no zavatra tadiavin'ilay “trinité” sandoka, ahitana ny dragona sy ny bibi-dia ary ny mpaminany sandoka? Azo fintinina amin'ny teny iray ny tanjony: *fiankohofana*. Maniry ny hiankohofanao eo anatrehany ny dragona sy ny bibi-dia ary ny mpaminany sandoka.

Mba hanatratrarana ny tanjony, nikasa hamely ny Didy Folo ilay “Trinité” sandoka, indrindra fa ny efitra voalohany. Alohan'ny hanohizako, tiako ny hanazava zavatra heveriko fa hanampy anao hahatakatra izany hevitra izany. Ny Lalàn'Andriamanitra dia azo fintinina, araka ny Matio 22:36-40, amin'ny didy roa lehibe: voalohany, “Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao”; faharoa, “tiava ny namanao”.

Raha mijery ny Eksodosy 20 ianao, ho tsikaritrao fa ny didy efitra voalohany no miresaka momba ny fitiavantsika an'Andriamanitra, ary ireo didy enina manaraka no momba ny fitiavana ny namantsika. Noho izany:

Raha tia an'Andriamanitra ianao dia

- ◇ Tsy hanana andriamani-kafa (Eks. 20:2-3).
- ◇ Tsy hanao sarin-javatra voasokitra ary hiankohoka eo anatrehany (Eks. 20:4-6).
- ◇ Tsy hanonona foana ny anaran'i Jehovah Andriamanitra (Eks. 20:7).
- ◇ Hahatsiaro ny andro fahafito ho andro Sabata (Eks. 20:8-11).

Raha tia ny namanao ianao dia

- ◇ Hanaja ny rainao sy ny reninao (Eks. 20:12).
- ◇ Tsy hamono olona (Eks. 20:13).
- ◇ Tsy hijangajanga (Eks. 20:14).
- ◇ Tsy hangalatra (Eks. 20:15).
- ◇ Tsy ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namanao (Eks. 20:16).
- ◇ Tsy hitsiriritra (Eks. 20:17).

Ry tanora malala, ireo Didy ireo no fanalahidin'ny fahatokiana amin'ny ady farany ka, noho izany, inona no ho ataon'ilay "Trinité" sandoka? Hamely mivantana ny didy efatra voalohany izy, izay miresaka momba ny fitiavana tsy maintsy omentsika an'Andriamanitra!

Izany no izy. Hiasa avokoa ny dragona sy ny bibi-dia ary ny mpaminany sandoka mba hampihena ny fitiavanareo an'Andriamanitra; hikatsaka ny fiankohofana amin'ny fomba rehetra io "Trinité" sandoka io, ary mba hahazoany izany, dia tsy maintsy mamafa ao an-tsain'ny ankizy sy ny tanora ary ny olon-dehibe ny didy efatra voalohany izay miresaka amintsika momba ny fitiavana sy ny fiankohofana amin'ilay Andriamanitra marina izy.

FAMARANANA

Ry tanora, ny fitiavana sy ny *fiankohofana amin'Andriamanitra no zava-dehibe indrindra eo amin'ny*

fiainana. Ary mino aho fa hosedraina ny fitiavanareo an'Andriamanitra amin'izao fotoana izao! Tsy maintsy miomana ianareo, satria tsy maintsy hiatrika fitsapana mitovy amin'izay natrehin'ireo tanora Hebreo telolahy (Dan. 3). Tsy maintsy misafidy ianao amin'izay, na ny hiankohoka amin'ilay tena Andriamanitra telo izay iray (Andriamanitra Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina) na ilay "Trinité" sandoka (ilay dragona, ilay bibi-dia, ary ilay mpaminany sandoka).

Noho izany, ny fanontaniana lehibe indrindra napetraka hatramin'izay dia ilay fanontaniana napetrak'i Jesosy tamin'i Petera: Moa tia Ahy va ianao? (Jao. 21:15). Tena tia an'Andriamanitra ve ianareo? Manasa anareo aho mba ho tia azy anio amin'ny fonareo rehetra sy amin'ny sainareo rehetra!

FANONTANIANA HODINIHINA SY HOSAINTSAININA

1. Iza avy no mandrafitra ilay "Trinité" sandoka?
2. Araka ny voalazan'ny Dan. 7:17-23, inona no asehon'ilay bibi-dia?
3. Tanisao ireo toetran'ilay bibi-dia voalohany ao amin'ny Apôk. 13.
4. Nahoana no mamely ireo didy efatra voalohany amin'ny Lalàn'Andriamanitra ilay "Trinité" sandoka?
5. Inona no zava-dehibe indrindra eo amin'ny fiainana ?

Alakamisy

TORITENY 6

Ny Tombo-kasen' Andriamanitra marina

(Apôk. 13 :16-18)

FAMPIDIRANA

Fantatrareo ve hoe inona ny anarana niantsoan'i Martin Luther an'i Satana ? Nantsoin'i Luther, izay tia vazivazy, hoe "rajakon'Andriamanitra" i Satana. Fantatrareo ve ny antony ? Satria niezaka naka tahaka ny asan'Andriamanitra foana i Satana! Ohatra, Andriamanitra namafy vary ; Satana namafy ny tsimparifary (Mat. 13:24 ; 27-28). Manasa ny zanany hiditra amin'ny vavahady ety sy ny lalana ety Andriamanitra ; mampirisika ny mpanara-dia azy i Satana avy eo mba hiditra amin'ny varavarana malalaka sy amin'ny arabe malalaka (Mat. 5:13-14). Oharin'Andriamanitra amin'ny vehivavy madio ny fiangonany; oharin'i Satana amin'ny vehivavy maloto ny mpanara-dia azy (Apôk. 12 sy 17). Farany, manana toambo-kase Andriamanitra izay hamehezany ny zanany, fa i Satana kosa manana marika izay hamantarany ny mpanara-dia Azy.



FAMELABELARANA

Ry tanora malala, raha misy foto-kevitra iray ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy izay nahatonga tsy fifankahazoan-kevitra betsaka, dia ny momba ny mariky ny bibi-dia izany. Raha ny marina aza, raha amin'izao fotoana izao ianao no maka ny findainao ary mitady ny teny hoe «mariky ny bibi-dia» ao amin'ny Google, dia hahita loharanon-kevitra 15 tapitrisa farafahakeliny. Tsy ho vita na oviana na oviana ny mamaky ny zava-drehetra ao amin'ny Internet mifandraika amin'ity lohahevitra ity!

Fa fantatrao ve hoe inona no zavatra tena mahagaga? Ny zava-mahaliana indrindra amin'izany dia misy an'arivony ireo fandikana sy fanazavana ny amin'izay tena mariky ny bibi-dia. Misy milaza fa ilay "code barre" hitantsika amin'ny vokatra vidiana any amin'ny toeram-

pivarotana no izy! Ny hafa indray milaza fa “puce électronique” atsofoka ao ambanin’ny hoditra no izy, na zavatra avo lenta kokoa noho izany aza!

Tsy ampy ny fotoana hitanisana ireo fanazavana rehetra nomena mifandraika amin’izany; noho izany antony izany dia zava-dehibe indrindra ny fandalinana ity lohahevitra ity, tsy amin’ny fanazavan’ny Google, fa ny Tenin’Andriamanitra.

I. NY TOMBO-KASEN’ ANDRIAMANITRA

Ry sakaiza, ilaina aloha ny mamantatra ny tombokasen’Andriamanitra mba hahatakarana ny atao hoe mariky ny bibi-dia. Rehefa hitantsika hoe inona ny tombokasen’Andriamanitra, dia ho mora amintsika ny hahafantatra ny atao hoe mariky ny bibi-dia, satria tsy maintsy ho mifanohitra amin’izany.

Ny fanondroana mivantana voalohany nataon’ny Apokalypsy momba ny tombokasen’Andriamanitra dia azo vakina ao amin’ny toko faha-7, andininy faha-1-4:

”Rehefa afaka izany, dia hitako fa, indreo, nisy anjely efatra nitsangana teo amin’ny vazan-tany efatra, nihazona ny rivotra efatra amin’ny tany, mba tsy hisy rivotra hitsoka amin’ny tany, na amin’ny ranomasina, na amin’ny hazo akory aza. Ary hitako fa, indro, nisy anjely hafa koa niakatra avy tany amin’ny fiposahan’ny masoandro, nanana ny fanombohan-kasen’

Andriamanitra velona; ary iry niantso ny anjely efatra izay navela hanimba ny tany sy ny ranomasina tamin’ny feo mahery nanao hoe: Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na ny hazo, mandra-panisinay tombo-kase eo anin’ny handrin’ny mpanompon’Andriamanitsika. Ary nahare ny isan’izay voaisy tombo-kase aho: efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy no voaisy tombo-kase avy tamin’ny firenen’ny Zanak’isiraely rehetra.”

Afaka mahita fahamarinana manan-danja mahakasika ny tombokasen’Andriamanitra isika raha mijery akaiky ireo andininy ireo.

- *Fahamarinana voalohany: Eo amin’ny handrin’ny mpanompon’Andriamanitra no hametrahana ny tombokasen’Andriamanitra.*
- *Fahamarinana faharoa: Voamarina ho ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy no voaisy tombo-kase.*

Tadidio ny fitsipiky ny fandikana ny hevi-teny izay noresahintsika tamin’ity andian-dahatsoratra ity, fa aleo averiko ihany izany: aoka ny Baiboly ihany no hanazava ny tenany. Manaraka an’io fitsipiky ny fanazavana io, tiako ny hamakiantsika ny Apokalypsy toko faha-14, andininy voalohany: «Ary hitako fa, indro, ny Zanak’ondry nitsangana teo an-tendrombohitra Ziona, ary nisy efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy nomba Ary, samy manana ny anarany sy ny anaran’ny Rainy voasoratra eo amin’ny handriny.”

Hitantsika ao amin'ny toko faha-14 ao amin'ny Apokalypsy indray ilay vondrona izay voaisy toambo-kase tao amin'ny toko faha-7; saingy, misy fahasamihafana hita: Raha ao amin'ny Apôk. 7 ny efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy – tandindon'ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany – ka manana ny toambo-kasen'Andriamanitra eo amin'ny handriny, ao amin'ny Apôk. 14 kosa ny efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy manana ny anaran'ny zanak'ondry sy ny anaran'Andriamanitra voasoratra eo amin'ny handriny.

Toa misy fifanoherana raha ny fahitana azy, saingy rehefa ampitahaina ireo andalan-tSoratra Masina roa ireo dia tonga amin'izao fanatsoahan-kevitra izao: ny anaran'Andriamanitra voasoratra eo amin'ny handrin'ny mpino Azy no toambo-kasen'Andriamanitra.

Mety hanontany tena ianareo hoe... Sao hatao tombokavatsa (*tatouage*) eo amin'ny handrin'ireo zanak'Andriamanitra ary ny anaran'ny Rainy? Voalohanyindrindra, tsymaintsy takatrareo fa boky miresaka amintsika amin'ny alalan'ny tandindona ny Apokalypsy. Rehefa miresaka momba ny anaran'Andriamanitra ny Baiboly, indrindra fa ny Apokalypsy, dia tsy miresaka afa-tsy ny toetran'Andriamanitra izy izay (Eks. 33:19; 34:6-7).

Noho izany, azontsika tsoahina fa ny toetran'i Jesosy Kristy miverimberina eo amin'ny fiainan'ireo mpanara-dia azy mahatoky no toambo-kasen'Andriamanitra. Ny toambo-kasen'Andriamanitra no taratry ny fitsipik'Andriamanitra eo amin'ny

fiainanareo sy eo amin'ny fiainako! Aiza anefa no ahitantsika ny fanambarana ireo fitsipik'Andriamanitra momba ny fiainantsika?

Efa nifanakalo hevitra isika fa fitsipika mandrakizain'Andriamanitra ireo Didy. Tahak'izany koa, zava-dehibe indrindra ny manamarika fa rehefa miresaka momba ny toambo-kase ny Testamenta Taloha dia mifandray amin'ny didy iray manokana izany. Ho hitanao, raha mamaky ny bokin'i Ezekielia ianao, hoe iza amin'ireo Didy Folo ireo no mifandray mivantana amin'ny toambo-kasen'Andriamanitra:

- **“Ary nomeko azy koa ny Sabatako** *ho famantarana ho amiko sy ho aminy mba ho fantany fa Izaho Jehovah no manamasina azy.*” – Ezek. 20:12.
- **“Ary manamasina sy Sabatako,** *mba ho famantarana ho amiko sy ho aminareo, ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo.*” – Ezek. 20:20.

Azonareo tsara ve izany? Voamarina ho toambo-kase ny Sabata, didy fahefatra amin'ny Lalàn'Andriamanitra. Nahoana? Satria matetika ampiasaina ny toambo-kase mba hamantarana olona na zavatra iray; ahitana ny anarana, asa, fahefana ary toetran'ny tompon'ilay toambo-kase. Ohatra, isaky ny mijery ny filoha amin'ny fahitalavitra miresaka amin'ny vahoaka ianao, diniho tsara fa tsy maintsy hitanao eo anoloany na ao ambadikany mandrakariva ny toambo-kase, ny toambo-kasen'ny filoham-pirenena. Io toambo-kase io no hamantarana hoe iza no mitondra ny firenena.

Rehefa mamaky ny didy fahefatra isika, izay milaza amintsika ny amin'ny fitandremana ny Sabata, dia tsikaritra fa manondro an'Andriamanitra ho mpitondra fara-tampony ny zavaboariny izany:

"Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy. Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra. Fa Sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito; koa aza manao raharaha akory ianao amin'izany, na ny zanakao-lahy, na ny zanakao-vavy, na ny ankizilahinao, na ny ankizivavinao na ny biby fiompinao, na ny vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao. Fa henemana no nanaovan'i Jehovah ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina mbamin'izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra lzy tamin'ny andro fahafito; izany no nitahian'i Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy."
– Eks. 20:8-11.

Asehon'ny Sabata antsika fa Andriamanitra no mpahary izay manapaka ny lanitra, ny tany, ny ranomasina ary ny zavatra rehetra ao aminy. Ny Sabata no toambo-kase mampivavaka ireo olon'Andriamanitra mahatoky izay manaiky ny fiandrianany. Raha fehezina, azontsika lazaina fa ny toetran'Andriamanitra miverimberina eo amin'ireo izay manaiky Azy ho Tompon'izao rehetra izao no toambo-kasen'Andriamanitra. Amin'ny fitandremana ny Sabata no hanekentsika an'Andriamanitra ho Mpamorona sy mpiahy antsika!

II. ILAY MARIKY NY BIBI-DIA

Koa satria ny toetran' Andriamanitra miseho amin' ny fankatoavana ny didiny no toambo-kasen' Andriamanitra; inona kosa ary no mariky ny bibi-dia? Mba hamaliana izany, andeha isika hamaky ny Apokalypsy toko faha-13, andininy faha-16-18:

"Ary ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, na ny manan-karena na ny malahelo, na ny tsy andevo na ny andevo, dia ampandraisiny marika eo amin'ny tanany ankavanana na eo amin'ny handriny avokoa, mba tsy hisy hahazo hivity na hivarotra, afa-tsy izay manana ny marika, dia ny anaran'ny bibi-dia, na ny isan'ny anarany. Indro ny fahendrena. Aoka izay manan-tsaina hanisa ny isan'ny bibi-dia, fa fanisan'olona izany; ary enina amby enim-polo amby enim-jato no isany."

Ilaintsika ny mijanona sy mandinika ny andininy faha-17 mba hahatakarana hoe inona ny mariky ny bibi-dia. Hitantsika fa toa milaza amintsika momba ny zavatra telo samy hafa ity andininy ity:

- Momba ilay *marika*.
- Ny *anaran'ilay bibi-dia*.
- Ny isan'ny *anarany*.

Rehefa mamaky an'ireo andininy ireo amin'ny dikan-tenin'ny Baiboly hafa anefa isika, ho hitantsika fa tsy zavatra telo samy hafa no resahina eto. Andeha hojerentsika anie ity dikan-teny hafa ity ny mahakasika io

andininy io: “*Tsy hisy hahazo hivity na hivarotra, afa-tsy izay manana ny marika, na ny anaran’ny bibidia, na ny isan’ny anarany.*”

Tsikaritrary ve? Mitovy ny marika sy ny anarana ary ny isan’ilay bibidia! Milaza amintsika ny momba ny toetran’ilay bibi-dia ireo singa telo ireo! Noho izany, tsy inona ny mariky ny bibi-dia fa ny toetran’ilay bibi-dia na ny antikristy izay averimberin’ireo mpanara-dia azy.

Tadidinareo ve ny fomba isehoan’ ny toetran’Andriamanitra eo amin’ny mpanara-dia Azy? Amin’ny alalan’ny fankatoavana ny didiny! Ny fanekena fa lzy no Mpamorona sy Tompon’ny zavatra rehetra! Ahoana kosa àry no isehoan’ny toetran’ilay bibi-dia eo amin’ny mpanara-dia azy? Tsotra: amin’ny fametrahana ny didin’olombelona ho ambonin’ny didin’Andriamanitra. Mamelà ahy hampiseho ny fomba hanaovany izany.

Araka ny efa hitantsika, napetrak’ Andriamanitra ny Sabata ho famantarana ny Lalàny. Nitandrina ny Sabata i Jesosy sy ireo apostoly. Tsy misy andininy ao amin’ny Baiboly mampianatra fa nafindra amin’ny andro hafa amin’ny herinandro ny fahamasinan’ny Sabata, kanefa fantatrao ve izay nataon’ ny ankamaroan’ny fiangonana kristianina? Nandao ny Didy Folo izy ireo ary nanokana andro iray hafa hiankohofana amin’i Jehovah.

Izao no lazain’ny boky *The convert’s catechism of catholic doctrine*, (Ny katesizin’ny foto-pinoana katolika ho an’ny niova fo) t. 50:

Fanontaniana: Inona no atao hoe Sabata?

Valiny: Ny andro Asabotsy no Sabata.

Fanontaniana: Nahoana isika no mitandrina ny Alahady fa tsy ny Sabata?

Valiny: Mitandrina ny Alahady fa tsy ny Sabata isika satria nafindran’ny Fiangonana Katolika ho amin’ny Alahady ny fahamasinan’ny Sabata.

Nanova ny Sabata ho andro napetraky ny olona izy ireo! Araka ny hitanareo, ry tanora malala, hizara ho vondrona roa izao tontolo izao: amin’ny andaniny iray, ireo izay manana ny toetran’Andriamanitra sy miaina ao anatin’ny fankatoavana ny didiny, ary amin’ny andaniny iray kosa ireo izay manana ny toetran’ilay bibi-dia (ny antikristy). Ny fanontaniana apetrako aminao dia ny hoe: Iza amin’ireo vondrona roa ireo no hisy anao?

FAMARANANA

Tian’Andriamanitra haseho eo amin’ny fiainanao ny toetran’i Jesosy Kristy. Tian’Andriamanitra hiseho eo amin’ny fiainanao ny vokatra ny fisian’ny fankatoavana azy tanteraka! Fotoana vitsy lasa izay, naheno ny tantaran’i Brenda aho, izay zatovovavy mahatoky iray nanapa-kevitra ny hiaina ao anatin’ny fankatoavana an’Andriamanitra tanteraka ary tsy mieritreritra izay mety ho vokany. Nikasa ny hahazo ny mari-pahaizana *Maîtrise* niaraka tamin’ireo mpiaramianatra taminy izy, izay hatao afaka telo volana eo ho eo. Faly i Brenda,


taranja iray sisa no tokony hovitainy, saingy rehefa nisoratra anarana ho amin'ilay taranja izy dia hitany fa tsy maintsy atao amin'ny andro Sabotsy izany; nanatona avy hatrany ny mpampianatra izy mba hangataka ny hamelana azy hianatra amin'ny andro iray hafa. Nomeny azy ny fanazavana feno rehetra, nefa nolavin'ilay mpampianatra izy.

Tsy afaka nianatra i Brenda ary tsy maintsy niandry herintaona vao afaka nahazo diplaoma izy vokatr'izany. Tamin'ny andron'ny fizarana diplaoma, raha nanao diabe ireo mpiara-mianatra taminy mba handray ny mari-pahaizana, i Brenda kosa namonjy fiangonana hitory teny. Fa fantatrarao ve? Hoy i Brenda, rehefa nitantara ny fijoroany ho vavolombelona: "Maro no nihevitra fa halahelo aho tamin'io andro io, saingy ny mifanohitra amin'izany no izy. Faly aho fa nahatoky tamin'Andriamanitra. Nafoko ny andro nahazoako diplaoma, nefa nahazo ny fifaliana avy amin'ny fiainam-pankatoavana aho. «

I Brenda dia ohatra iray amin'ny dikan'ny hoe manaiky an'Andriamanitra ho Tompo sy mpanapaka ny zava-drehetra; ohatra iray amin'ny dikan'ny hoe mandray ny toetran'i Jesosy Kristy sy miaina ao anatin'ny fankatoavana izy. Androany aho te hanasa anareo hanao fanoloran-tena ny ho mahatoky amin'Andriamanitra. Angataho Andriamanitra mba hamerimberina ao anatinareo ny toetran'i Kristy ary hanampy anareo hanana fiainana feno fankatoavana!

FANONTANIANA HODINIHINA SY HOSAINTSAININA

1. Nahoana i Martin Luther no niantso an'i Satana hoe "rajakon'Andriamanitra"?
2. Inona avy ireo fandikana sy fanazavana malaza indrindra misy izay mifandraika amin'ny mariky ny bibi-dia?
3. Inona no tomo-kasen'Andriamanitra?
4. Nahoana no mifandray amin'ny tomo-kasen'Andriamanitra ny Sabata?
5. Inona no mandrafitra ny mariky ny bibi-dia?



Zoma

TORITENY 7

Ny Tena Fanafihan'ireo Alien (mponina avy any amin'ny planeta hafa)

(Apôk. 19:11-16)

FAMPIDIRANA

Volana vitsivitsy lasa izay, nalaza tao amin'ny tambajotra sosialy sy tao amin'ny vaovao i Barack Obama, filohan'i Etazonia teo aloha momba ny fanambarana sasany nataony tao amin'ny fandaharana tamin'ny fahitalavitra iray. Nanontany azy ilay mpanentana tao amin'ilay fandaharana — fantatra amin'ny anarana hoe James Corden — raha manana teoria na petra-kevitra momba ny fisian'ny zava-manana aina avy amin'ny planeta hafa na *alien* izy. Namaly tamin'ny vazivazy ny filoha hoe:

"Raha ny momba ny alien, misy ireo zavatra tsy azoko lazaina aminao eto amin'ny fahitalavitra. Saingy ny marina, rehefa tonga voalohany tao amin'ny birao aho, dia nanontany aho, hoe «misy ve ny laboratoara any amin'ny toerana iray izay hitehirizantsika santionan'ny alien



sy ny sambon-danitra ampiasainy?» nanao fikarohana kely izy ireo avy eo, ary tsia ny valiny."

Kanefa, tamin'ny fandaharana iray hafa, dia nanontaniana ilay filoham-pirenena teo aloha ny heviny momba izany resaka izany ihany, ary tamin'ny feo matotra kokoa no namaliany fa nisy ny fanadihadiana natao, ary zavatra maro no mety hiova raha tena misy izany; nampiany mihitsy aza fa mety "hisy fivavahana vaovao hipoitra".

Tsy mahagaga fa niteraka resaka sy teoria na petra-kevitra marobe ireo fanambarana nataon'ny iray amin'ireo mpitarika nanam-pahefana indrindra tato anatin'ny taona vitsivitsy lasa io, fa hoe eo an-dalana hanafika antsika hono ny *alien*. Maro ny olona nanomboka nihevitra fa hotafihin'ny mponina avy amin'ny planeta hafa tsy ho ela isika!

Zava-dehibe ny fahatakaranao fa teoria sy resaka fotsiny ireo ary tsy misy fototra akory. Milaza amintsika anefa ny bokin'ny Apokalypsy ny amin'ilay tena fahatongavan'ny *alien*. Io no ho fanafihana lehibe indrindra eo amin'ny tantara, saingy tsy zava-manana aina avy amin'ny planeta hafa noforonin'ny sain'olombelona, fa i Jesosy Kristy, Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo, no hiverina eto an-tany miaraka amin'ny anjeliny sy ho fanatanterahana ny teny fampanantenana nomeny.

FAMELABELARANA

Andeha isika ho any amin'ny bokin'ny Apokalypsy, toko faha-19, andininy faha-11 ka hatramin'ny faha-16, ary hiara-mamaky ny filazalazana momba ilay fanafihana lehibe indrindra eo amin'ny tantara:

"Ary nahita ny lanitra voasokatra aho, ka, indro, nisy soavaly fotsy; ary izay nitaingina azy dia atao hoe Mahatoky sy Marina, ary amin'ny fahamarinana no itsarany sy iadiany. Ary ny masonry dia lelafo, ary tamin'ny lohany nisy diadema maro; ary izy manana anarana voasoratra, izay tsy misy mahalala akory afa-tsy ny tenany ihany. Ary miakanjo akanjo voafafy rà izy; ary ny anarany atso hoe Ny Tenin'Andriamanitra. Ary ny antokon'ny miaramila any an-danitra dia nanaraka Ary, samy nitaingina soavaly fotsy sy niakanjo rongony madinika sady fotsy no madio. Ary misy sabatra maranitra mivoaka avy amin'ny vavany mba hamelenany ny firenena; ary izy hanapaka azy amin'ny

tehim-by; ary izy no manitsaka ny famiazana ny divain'ny firehetan'ny fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha. Ary manana anarana voasoratra amin'ny lambany sy ny feny izy nanao hoe:

MPANJAKAN'NY MPANJAKA SY
TOMPON'NY TOMPO."

Toe-javatra mahagaga izany! Ny Jeneraly lehiben'ny jeneraly mihitsy no tonga mitarika ny tafika mahery, ary ny miaramilany rehetra koa mitaingina soavaly fotsy. "Mahatoky sy Marina" no anarany. Tamin'io anarana io no namantarana ny tenany rehefa nanokatra ny bokin'ny Apokalypsy izy, ary ankehitriny, alohan'ny hanakatonany azy, dia mampahafantatra ny tenany amin'io anarana io indray izy.

Tamin'ny andro fahiny, ireo jeneraly romana lehibe izay nanapaka an'izao tontolo izao tamin'ny andro nanoratana ny Apokalypsy dia nanana fahazarana niditra tao Roma taorian'ny ady lehibe sy ny fandreseny, sady nitaingin-tsoavaly no mitarika ny tafiny. Nanao akanjo tsara tarehy izy ireo ary nanao satroboninahitra teo amin'ny lohany, mariky ny fandreseny; fanampin'izany, nisy lamba malama na *ruban* lehibe nihantona teo antsony izay nisy ny anarany sy ny laharana miaramila tanany.

Ny apostoly Jaona dia maneho an'i Jesosy ho jeneraly mpandresy izay tonga mitafy akanjo miloko mena — tandindon'ny rany, izay nalatsaka ho famelana ny helotsika — ary tsy satro-boninahitra iray no teo amin'ny lohany, fa satroboninahitra maro, satria marobe ny fandresena azony.

Ny anarana sy ny laharana miaramila nosoratany momba ny tenany dia tsy milaza hoe “Aogosto Kaisara, jeneraly ambony indrindra ao Roma”, fa “Jesovy Kristy, Mpanjakan’ny Mpanjaka sy Tompon’ny Tompo”.

Azonareo sary an-tsaina ve ny mety ho fisehon’izany raha toa ka nosoratana tamin’izao vanimpotoanantsika izao ny Apokalypsy? Ahoana no hilazalazanareo ny fiverenan’i Jesovy Kristy Tompontosika? Avelako hosaintsaininareo manokana izany. Ny tiako hambara aminareo dia tsy misy teny afaka milaza ny halehibeazan’io andro hisehoan’i Jesovy fanindroany amim-boninahitra lehibe io.

Na dia tsy afaka milaza tsara antsipiriany izay zavatra hiseho amin’ny Fiaviana Fanindroany aza isika, ny Baiboly kosa manambara fahamarinana dimy farafahakeliny izay mamaritra ny fomba hiverenan’i Jesovy:

1. ARA-BAKITENY NY FIAVIAN’I JESOSY

Tsy fiverenana ara-panahy na ara-tandindona fotsiny araka ny ampianarin’ny sasany ny fiavian’i Kristy fanindroany; mifanohitra amin’izany aza, fisehoan-javatra ara-bakiteny ny fiaviany fanindroany. Rehefa niakatra ho any an-danitra i Jesovy taorian’ny nitsanganany tamin’ny maty, dia nisy anjely roa niteny tamin’ny mpianany nanao hoe: “*Ry lehilahy Galiliana, nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra ianareo? iny Jesovy izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra.*” – Asa. 1:11.

Ny tenan’i Jesovy mihitsy no hiverina. Ho fisehoana ara-bakiteny, araka ny nampanantenainy ny fiaviany fanindroany. Ilay Jesovy izay nanao ireo fahagagana lehibe, izay maty sy nitsangana indray, dia ho avy indray haka sy handray antsika ho any Aminy.

2. HO HITA MASO NY FIAVIAN’I JESOSY

Tsy mamela toerana ho an’ny fisalasalana ao an-tsaintsika ny amin’ny fisehoan’ny fiavian’ny Tompontosika ny Apokalypsy toko 1, andininy faha-7: «*Indro izy avy amin’ny rahona; ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia izay nandefona Azy aza; ary hitomany Azy ny firenena rehetra ambonin’ny tany. Eny, Amena.*»

Jesovy mihitsy no nilaza fa ho zavatra hita maso ny fiaviany fanindroany: “*Ary amin’izany andro izany dia hiseho eo amin’ny lanitra ny famantarana ny Zanak’olona, ka dia hitomany ny firenena rehetra ambonin’ny tany, ary hahita ny Zanak’olona avy amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin’ny rahon’ny lanitra izy.*” – Mat. 24:30.

3. HO REN’NY SOFINA NY FIAVIAN’I JESOSY

Mazava ny fampianaran’ny Baiboly fa tsy vitan’ny hahita ny fiverenan’i Jesovy fotsiny isika, fa haheno azy ihany koa: «*Fa ny tenan’ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin’ny fiantsoana sy ny feon’ny arikanjely ary ny trompetran’Andriamanitra, ka izay maty ao amin’i Kristy no hitsangana aloha.*» - 1 Tes. 4:16.

Nanampy ihany koa ny mpaminany Jeremia, rehefa niresaka momba ny fiafaran'izao tontolo izao hoe: «*Jehovah hierona any ambony ary hanandratra ny feony any amin'ny fitoerany masina, eny, hierona mafy amin'ny sahany fiandrasan-ondry lzy ka hanakora toy ny mpanosihosy voaloboka, hamelezana ny mponina rehetra amin'ny tany.*» - Jer. 25:30. Tahaka izany koa, milaza ny Sal. 50:3 hoe, «*Avy Andriamanitsika ka tsy hangina; afo no mandevona eo alohany, ary tafio-drivotra mahery no manodidina Azy.*»

Raha sanatria mbola misy toerana hisalasalana, niresaka momba ilay feo lehibe ihany koa ny apostoly Petera: «*Fa ho avy tahaka ny mpangalatra ny andron'ny Tompo, ary amin'izany ny lanitra dia ho lasa amin'ny firimorimoana mafy, ary ho levon'ny afo ny tenan'ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay eo aminy*» - 2 Pet. 3:10. Mazava fa ho makotroka ny fiavian'i Kristy fanindroany! Hisy horakoraka sy trompetra ary feo mahery isan-karazany.

4. MIARAKA AMIN'NY TAFIK'ANJELY NY FIAVIAN'I JESOSY

Tsy ho avy irery i Jesosy rehefa hiverina. Milaza ny Baiboly fa hisy anjely hiaraka aminy: «*Ary raha tonga ny Zanak'olona amin'ny voninahiny, arahin'ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny lzy*» - Mat. 25:31. Mariho tsara fa tsy hoe ny anjely sasany, fa izy rehetra mihitsy.

Manome izao famaritana izao ny amin'ireo anjely any an-danitra ny Dan. 7:10: «*Arivoarivo no nanompo Azy, ary alinalina no nitsangana teo anatrehany.*» Tena anjely betsaka tokoa izany, ary ho avy miaraka amin'i Jesosy izy ireo!

5. HANAITRA NY TANY NY FIAVIAN'I JESOSY

Hanozongozona ny fototra iorenan'ny ny tany koa ny fiverenan'i Kristy, toy ny hoe misy horohoron-tany mandrava ny planeta:

"Ary nahita aho, rehefa novahany ny toambo-kase fahenina, dia nisy horohorontany mafy; ary tonga mainty tahaka ny lamba volon'osy fisaonana ny masoandro, ary tonga tahaka ny rà avokoa ny volana. Ary ny kintana tamin'ny lanitra dia niraraka tamin'ny tany, toy ny aviavy manintsana ny voany manta, raha hozongozonin'ny rivotra mahery izy. Dia lasa tahaka ny taratasy voahorona ny lanitra, ary ny tendrombohitra sy ny nosy rehetra dia nafindra niala tamin'ny fitoerany." - Apôk. 6:12-14.

Mahatalanjona! Izany horohoron-tany mahery vaika afaka manorotoro tendrombohitra izany dia afaka mampihetsika ireo volkano rehetra eto an-tany ihany koa ary hiteraka tondra-drano eran-tany. Azonareo sary an-tsaina ve izany? Hisy nosy hanjavona sy velaran-tany midadasika hopotelin'ny onja goavambe.

Ry tanora malala, fisehoan-javatra efa akaiky ny fiavian'i Kristy

fanindroany! Hahita an'i Jesosy hiverina tsy ho ela miaraka amin'ny anjelin'ny masina isika! Ho avy Jesosy!

FAMARANANA

Fa misy zavatra iray fanampiny hampiavaka ny fiverenan'i Kristy, tianareo ho fantatra ve hoe inona izany? *Ho zava-dehibe izay hamaritra ny ho anjara sy lahatra izany.* Ary rehefa tonga Jesosy dia hozaraina ho vondrona roa izao tontolo izao: ny voavonjy sy ny very. Tahaka izao no hamaritan'ny Apôk. 6:15-16 ny vondron'ny very:

"Ary ny mpanjakan'ny tany sy ny lehibe sy ny mpifehy arivo sy ny mpanankarena sy ny lehilahy mahery mbamin'ny andevo rehetra sy ny tsy andevo rehetra dia niery tao amin'ny lavaka sy tao amin'ny vatolampy eny an-tendrombohitra; ary hoy izy tamin'ny tendrombohitra sy ny vatolampy; Mianjerà aminay, ka afeno izahay amin'ny tavan'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy amin'ny fahatezeran'ny Zanak'ondry!"

Ho andro tena mampalahelo izany ho an'ny maro, fa ho an'ny hafa kosa dia io no ho andro tsara indrindra eo amin'ny fiainany! Izao no teny namaritan'ny mpaminany Isaia ny vondron'ny voavonjy: *«Ary holazaina amin'izany andro izany hoe: Indro Andriamanitsika, izay nandrasantsika hamonjy antsika; Indro Jehovah, izay nandrasan-tsika, koa dia aoka ho faly sy ho ravoravo amin'ny famonjy isika.»* – Isa. 25:9.

O! Endrey ny voninahitr'izany andro izany ho an'ny voavonjy! Ho andro fifaliana sy fahasambarana izany. Ho andro firavoravoana tsy hay lazaina izany. Ho avy i Kristy! Ho avy tsy ho ela i Kristy!

Izany no fanantenana nameno ny fon'i Luis. Fony izy zatovo no efa nandrenesany ny hafatra fa hiverina fanindroany i Jesosy, kanefa, tahaka ny maro, dia somary tsy niraika tamin' izany izy.

Indray andro, nasaina hanatrika fihaonamben'ny tanora iray izy, ary nahagaga azy fa ny fiavian'i Kristy fanindroany no lohahevitra natolotry ny mpitory teny tamin'io alina io. Nihaino tsara ny teny rehetra nataon'ilay mpitory teny i Luis, nefa tsy nandray fanapahan-kevitra izy tamin'ny fotoana nanaovana ny antso.

Nandao ny fiangonana teo amin'ny môtô-any izy ary nofaohin'ny fiara sendra nifanena taminy tamin'izay. Niaro ny ainy tamin'ny fomba mahagaga anefa Andriamanitra! Zara raha nahatsiaro tena izy rehefa nentina tany amin'ny hôpitaly; teny an-dalana, raha mbola nanao izay zava-drehetra hamonjena ny ainy ireo mpamonjy voina, dia nivavaka tamin'Andriamanitra i Luis ary nangataka azy hiaro ny ainy. Isaorana Andriamanitra fa nataony ny fahagagana!


Nanapa-kevitra ny hanolotra ny fiainany ho an'i Jesosy i Luis rehefa tao amin'ny hopitaly.

Natao batisa izy volana maromaro taty aoriana ary mino ny filazantsara izy ankehitriny sady miandrindra amimpifaliana ny fiavian'i Kristy fanindroany.

Ry Tanora malala, tsy ny hahatonga tahotra no tanjon'ity hafatra ity. Mifanohitra amin'izany, ny hitondra fanantenana ho anareo no tanjonay! Androany, te hanome anareo fahafahana vaovao Andriamanitra! Androany no andro tsara indrindra hanolorana ny fiainanareo ho an'Andriamanitra sy hiomanana amin'ilay tena fanafihan'ny *alien* marina: Ny fiavian'i Kristy fanindroany amin'ny voninahitrasany fiandrianana!

FANONTANIANA HODINIHINA SY HOSAINTSAININA

1. Ahoana ny filazalazan'ny Apôk. 19 ny fiverenan'i Jesosy?
2. Firy ny olona hahita ny fiavian'i Jesosy amim-boninahitra?
3. Iza no hiaraka amin'i Jesosy amin'ny Fiaviany Fanindroany?
4. Inona no hitranga amin'ny tany rehefa hiverina fanindroany i Kristy?
5. Inona no holazain'ireo voavonjy rehefa mahita an'i Jesosy avy amim-boninahitra izy?



Sabata

TORITENY 8

Ny Tena Filazantsara Marina

(Apokalipsy 14:6–12)

FAMPIDIRANA

Indray mandeha hono araka ny tantara, niomana hiakatra ascenseur (tohatra fiakarana mandeha amin'ny herinaratra) ilay evanjelista mpitory ny filazantsara lehibe Billy Graham; amin'ny maha olo-malaza fantatry ny besinimaro azy dia mahazatra ny olona sady mora foana ny mahafantatra azy. Tsy hafa tamin'izany ity toe-javatra ity fa nisy lehilahy iray niandry ny ascenseur koa nahafantatra azy, ka nanontany azy hoe:

"Tsy hianao va no Billy Graham, sa tsy izany?"

"Eny," hoy i Graham namaly.

"Izany tokoa," hoy ilay lehilahy, "tena lehilahy manana ny maha-izy azy tokoa ianao."

"Tsia, tsy manan-danja aho," hoy i Graham namaly. «Manana hafatra manan-danja fotsiny aho.»



Ry tanora malala, manana hafatra lehibe koa isika. Manolotra ny fanasana farany nataon'Andriamanitra ho an'izao andro izao ny bokin'ny Apokalipsy. Fantatra amin'ny anarana hoe fanasana intelo miantoan'ny filazantsara na, araka ny iantsoana azy matetika hoe, «Ny hafatry ny anjely telo" ity hafatra ity.

FAMELABELARANA

Manasa anao aho, amin'izao fotoana izao, hamaky miaraka amiko ny Apokalipsy toko faha-14, andininy faha-6 ka hatramin'ny faha-12 ary hojerentsika ny fampitandremana farany ataon'Andriamanitra ho an'ny taranak'olombelona:

"Ary hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin'izay monina ambonin'ny tany sy

amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra, nanao tamin'ny feo mahery hoe: Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano. Ary nisy iray koa, dia anjely faharoa, nanaraka ka nanao hoe: Rava! rava Babylona lehibe! izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain'ny fahatezerana noho ny fijangajangany. Ary nisy iray koa, dia anjely fahatelo, nanaraka ireny ka nanao tamin'ny feo mahery hoe: Raha misy miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin'ny handriny na amin'ny tãnany, dia izy koa no hisotro ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra, izay naidina tao anatin'ny kapoaky ny fahatezerany tsy miharoharo zavatra, sady hampijalina amin'ny afo sy solifara eo anatrehan'ny anjely masina sy eo anatrehan'ny Zanak'ondry iry; ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay; ary tsy manampitsaharana na andro na alina izay miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny, na izay mandray ny mariky ny anarany. Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy."

Mialoha ny iresahantsika ireo singa mandrafitra ny hafatry ny anjely telo dia tena ilaina ny manindry ireo lafin-javatra manan-danja izay tokony ho fantatsika:

Voalohany, andeha homarihin-tsika ny votoatiny. Filazantsara mandrakizay ny hafatry ny anjely telo. Fantatrao ve ny dikan'izany hoe filazantsara. Midika hoe "Vaovao Mahafaly" izany ary ampiasaina ao amin'ny Baiboly mba hilazana ireo vaovao mahafaly avy amin'Andriamanitra, fa ny fahaterahany sy ny fahafatesany ary ny fitsanganan'i Jesosy no hany fomba tokana ahitan'ny olona ny famonjena.

Ny filazantsara dia izay nataon'Andriamanitra sy ataony ary hataony amin'ny alàlan'i Kristy ho famonjena ny olon-drehetra izay mino. Ry Tanora Malala, Jesosy no filazantsara! Voafintina ao amin'ny tenany ny filazantsara manontolo, "fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena.» - Asa 4:12.

Faharoa, ho an'iza no nandefasana azy. Maneran-tany ny hafatry ny anjely telo. Tsy maintsy manatratra "izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra." Apôk. 14:6. Tsy maintsy mifanehatra amin'ny fahamarinana ny olombelona rehetra, tsy ijerena ny zom-pireneny na ny fiteniny na ny toerana ara-tsosialy ananany izany. Tsy maintsy manapa-kevitra hanaiky na hanohitra ny filazantsara ny olona rehetra!

Farany, ny fomba itoriana azy. Tsy maintsy torina amin'ny feo mahery ny hafatry ny anjely telo. Ry tanora Malala, megafone no teny ampiasaina eto amin'ny teny grika-teny fototra nanoratana ny Apokalipsy. Tsy feo mahazatra anareo ve izany? Avy amin'izany ny teny hoe «mégaphone»; izany dia fitaovana izay natao

hampitomboanana ny hamafin'ny feo sy hanaparitahana izany. Tsy maintsy torina amin-kery ny hafatra!

Miaraka amin'izany fanazavana izany ao an-tsaina no haha-vonona antsika hianatra ny dikany sy ny mahazava-dehibe ny hafatry ny anjely telo tsirairay.

I. HAFATRA VOALOHANY: ANTSO HO AMIN'NY FIANKOHOFANA

Izaonofivakin'nyhafatravoalohany: *“Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra lzy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano.”* – Apôk. 14:7.

Azo fintinina amin'ny teny telo maneho asa ny hafatra voalohany: *“Matahora an'Andriamanitra ... omeo voninahitra izy... ary miankohofa.”* Izany no mamehy ny valiny hasetry ny filazantsara: valinteny mifototra amin'ny fitiavana sy ny fankasitrahana an'Andriamanitra noho izay nataony ho antsika ao amin'i Kristy.

Fa inona no dikan'izany hoe matahotra an'Andriamanitra izany? Mety hihevitra hianao fa matahotra amin'ny heviny hoe mangovitra izany. Koa inona àry izany? Araka ny Baiboly, izany dia fiainana amin'ny fankatoavana ny didiny.

“Ary rehefa re izany rehetra izany, dia izao no faran'ny teny: Andriamanitra no atahory, ary ny didiny no tandremo, fa izany no tokony hataon'ny olona rehetra.” Mpitt. 12:13.

Omena baiko isika mba *hanome voninahitra*. Manome voninahitra

an'Andriamanitra amin'ny fiainantsika sy ireo asa tsara isika. *“Izany no ankalazana ny Raiko (hanomezam-boninahitra), mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo.”* – Jao. 15:8. *“Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany (hanomezany voninahitra) ny Rainareo Izay any andanitra.”* – Mat. 5:16. Tena zava-dehibe ry tanora Malala ny hahatakarantsika ny asa tsara ataonao dia tsy natao mba hamonjena anao, fa mba hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra izay namonjy anao!

Farany, didiana isika mba *“hiankohoka eo anoloan'izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano”* – Apôk. 14:7. Andriamanitra no mpamorona ary izy irery ihany no hany mendrika ny fiankohofantsika. Hiodina eo amin'ny fiankohofana ny ady farany eo amin'ny tsara sy ny ratsy. Iza no hiankohofantsika: Andriamanitra sa ny dragona. Ry tanora malala, tsy maintsy atao mazava tsara fa Andriamanitra no mpamorona ary izy irery ihany no mendrika ny fiankohofantsika.

II. HAFATRA FAHAROA: ANTSO HO FIAROVANA NY FAHAMARINANA

Milaza ny hafatra faharoa hoe: *«Rava! rava Babylona lehibe! izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain'ny fahatezerana noho ny fijangajangany.»* – Apôk. 14:8.

Milaza amintsika momba ny faharavana sy ny fahalavoana arapanahin'i Babylona ny anjely faharoa, kanefa inona moa ny hoe Babylona? Midika hoe “fikorontanana” izany anarana izany ao amin'ny Baiboly,

ary ao amin'ny bokin'ny Apokalipsy ny tandindon'ny Babylona (ilay tanàn-dehibe fahiny) dia ampiasaina mba hanondroana ireo fahavalon'ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany: fahefana ara-politika sy ara-pivavahana izay miezaka ny hifehy izao tontolo izao mialoha ny fiverenan'ny Tompo.

Natao mba “hamitahana” an'izao tontolo izao amin'ny fampianarana ny foto-pinoana sandoka izany fahefana izany. Ry tanora Malala, miantso antsika ny hafatry ny anjely faharoa mba hijoro tsy azo hozongozonina amin'ny faharesen-dahatra ara-Baiboly sy hiaro azy ireny. Noho izany, tena manan-danja ny hijoroanao tsara amin'ny fahamarinan'Andriamanitra!

III. HAFATRA FAHATELO: ANTSO HO AMIN'NY FAHATOKIANA

Manambara ny hafatry ny Filazantsara farany fa:

“Raha misy miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin'ny handriny na amin'ny tanany, dia izy koa no hisotro ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra, izay naidina tao anatin'ny kapoaky ny fahatezerany tsy miharoharo zavatra, sady hampijalina amin'ny afo sy solifara eo anatrehan'ny anjely masina sy eo anatrehan'ny Zanak'ondry iry; ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay; ary tsy manampitsaharana na andro na alina izay miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny, na izay mandray

ny mariky ny anarany. Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrana ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy.” – Apök. 14:9-12.

Fampitandremana avy amin'Andriamanitra, izay maneho mazava ireo vokatra ny fiandiana amin'ireo herin'ny ratsy ny hafatra fahatelo. Mazava tsara fa zavatra telo samihafa no voarara: Miankohoka amin'ilay bibi-dia, miankohoka amin'ny sarin'ilay bibi-dia, ary ny mandray ny mariky ny bibi-dia. Io no hafatra fara tampony hita ao amin'ny baiboly ary ny farany izay hotoriana mialoha ny fiavian'i Kristy. Raha toa aho ka hamintina ny hafatry ny anjely fahatelo amin'ny teny anankiray dia ny hoe: Mitoera ho mahatoky!

Eny, ry Tanora Malala, antso ho amin'ny fiankohofana, ny fiarovana ny fahamarinana sy ny fahatokiana ny hafatry ny anjely telo. Filazantsara mandrakizay ny fahasoavan'Andriamanitra izay naseho ao amin'i Kristy Jesosy, izay tsy maintsy hahatratra amin-kery ny mponina rehetra ambonin'ny tany.

FAMARANANA

Nianatra ny Hafatr'Andriamanitra araka izay aseho ao amin'ny bokin'ny Apokalipsy isika nandritra iny herinandro iny. Miaina ao amin'ny fotoana izay saiky ahitana isan'andro ny fahadisoam-panantenana isika! Na izany aza amin'izao fotoana izao no hiantsoan'Andriamanitra anao mba **hitry amin-kery** ny filazantsara mandrakizay.

Mety hihevitra hianao fa tsy manana ireo fiomanana ilaina ho amin'izany na tsy manana ireo

talenta ampy mba hitoriana; na izany aza, te-hanome antoka anao aho fa liana bebe kokoa amin'ny *fahavononanao* Andriamanitra fa tsy amin'ny *fahaiza-manao* anananao. Tsaroanao ve i Mosesy? Tsy nanana ny fahaiza-manao hanaovana ny asa nankinin'Andriamanitra taminy, nilaza tamin'Andriamanitra mihitsy aza izy fa tsy mahay miteny! Kanefa nampilefitra ny sitrapony i Mosesy ary nampiasain'Andriamanitra tamin-kery izy!

Tsaroanao ve i Jeremia? Natahotra izy rehefa natsoin'Andriamanitra ary nilaza fa mbola zaza ihany izy, kanefa natoky izy fa ho eo anilany Andriamanitra ary nahatanteraka ny baiko izay nankinina taminy!

Tsaroanao ve i Petera? Mpanarato tsotra izay tsy nianatra tany amin'ny toeram-pampianarana ambony tamin'ny androny izy; kanefa nanolotena tanteraka ho an'i Jesosy izy ary nampiasa azy tamin-kery ny Fanahy masina!

Ry tanora, maniry ny hampiasa anao ho fitaovana ho fitoriana ny filazantsara mandrakizay amin'ny feo mahery Andriamanitra androany. Angataho Andriamanitra mba hampiasa anao ho fitaovany! Angataho

amin'Andriamanitra ny Fanahiny masina! Angataho Andriamanitra mba hampiasa anao mba hitory ny tena filazantsara amin-kery!

FANONTANIANA HODINIHINA SY HOSAINTSAININA

1. Inona ny anaran'ny hafatra farany avy amin'Andriamanitra ho an'ny taranak'olombelona?
2. Inona ny votoatin'izany hafatra izany?
3. Firy ny olona tokony handre izany?
4. Amin'ny fomba ahoana no hitoriana izany hafatra izany?
5. Fintino ny hafatry ny anjely telo ary zarao amin'ireo namanao.